Ahoana No Ahafahako Mandresy?

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ho an'ny vavaka.

Rainay, misaotra Anao izahay, izao maraina izao, ho an'ity fotoana lehibe fahatongavana miaraka eto ity indray, ka hanokatra ny Tenin'ny Tompo, mametraka an'Izany eto anoloanay. Ary—ary miaraka amin'ny vavaka ankehitriny, mba ilay Fanahy Masina anie no haka an'izay an'Andriamanitra, ary hanome an'Izany ho anay, mba hahafahanay miala eto amin'ity toeran'ny fanompoana ity anio miaraka amin'ny fo faly feno fifaliana. Hahita ny Herinao lehibe an'ny fanafahana, Tompo, hoe toy ny ahoana no anafahany ny babo ka mamela azy ireo ho afaka, manao anay hahafantatra "an'ireo zavatra izay nisy, sy misy, ary ho avy." Ary misaotra Anao tokoa izahay ny amin'ireo zavatra ireo.

2 Mivavaka izahay mba Hitahianao anay raha miaraka mianatra ny Teninao izahay ankehitriny. Ary rehefa hiainga izahay, dia enga anie ho voalaza ao am-ponay izao, raha mandeha eny an-dàlana izahay hoe, "Tsy nangorakoraka ve ny fontsika raha Izy, ilay Fanahy Masina, no niresaka tamintsika raha teny an-dàlana isika."

3 Tahio ny mpitoriteny tsirairay anio, n'aiza n'aiza, ireo Mpanomponao izay manohana an'Ity, Ilay Fahamarinanao. Valio ny fivavak'izy ireo ho an'ny marary. Sitrano ireo vatana marary an'ireo izay manaintaina.

4 Tompo, hangataka izahay mba Ianao no hivoaka eo anivon'ny olona ka hitady an'ilay voa voafidy mialoha any, Tompo, ka hitondra an'izany eto, amin'ny fomba anankiray, mba ilay Hazavana anie no hilatsaka eo amin'ny làlana, Tompo. Fa, mino izahay fa miha-tara ilay ora, ny masoandro dia miha-milentika haingana any andrefana, ka dia tsy ho ela ilay "tsy hisy andro intsony." Ny fotoana sy ny Mandrakizay dia hiaraka hiharo rehefa miaraka miharo Andriamanitra sy ny Olony. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba, amin'izay fotoana izay, mba ho voaisa eo anivon'ireo izay hiharo ao amin'i Kristy izahay, dia ilay antsoina hoe ny Ampakariny.

Ampio izahay, anio, raha miomana izahay, tsy mahafantatra hoe inona no ho tehirizin'ny rahampitso, fa vonona kosa izahay ny handray ny zavatra rehetra, Tompo, arak'izay fantatray, izay Anananao ho anay. Vonona ny

handray an'Izany izahay. Mangataka an'izany fitahiana izany izahay ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

5 Tena faly tokoa aho, aninkeo maraina, rehefa niditra aho ka nahita fa ny—ny olona dia niangona niaraka ho an'ny asan'ny Tompo. Ary manao ny filazana izahay ankehitriny ho an'ny rahariva. Hisy asa fanasitranana rahariva. Hivavaka ho an'ny marary isika, rahariva. Fotoana vitsy lasa fotsiny izay, izy ireo . . .

6 Rehefa niditra aho, Billy, ilay zanako, no niteny tamiko, hoy izy, "Misy le—lehilahy mihaja anankiray eto, izany dia lehilahy mahantra anankiray izay namily fiara avy any lavitra." Ary hoy izy, "Izaho—izaho no nametraka azy ao amin'ny efitra, ry Dada."

7 Izaho—izaho dia nody tara omaly hariva, ary—ary tsy nahadinika betsaka ny lohahevitry ny sekoly Alahady izay ho resahako, izao maraina izao. Koa dia nandray naoty kely vitsivitsy aho izay nalaiko avy tamin'izay reko nolazain'ny rahalahy anankiray, ary naka lahateny iray avy tamin'izany, mba hahazoana karazana leson'ny sekoly Alahady izao maraina izao; ary raha miomana isika, ka mivonona ho an'ny fotoana hariva.

8 Ary hoy i Billy hoe, "Misy lehilahy anankiray ao izay marary." Hoy izy, "Izaho—izaho—izaho dia maniry mba handehananao ka hijery azy." Koa, niditra tao amin'ilay efitra vao teo mihitsy aho. Ary rahalahy anankiray saiky mitovy taona amiko, sy ny vadiny, no nipetraka tao. Ary nidina teo anivonay ny Fanahy Masina tao amin'ilay efitra vao teo mihitsy.

9 Eritrereto fotsiny, vao nanao ny filazana ny amin'ny asa fanasitranana fotsiny, dia efa tao Izy. Hitanareo? Ary Nolazainy tamin'io rahalahy io ny mikasika an'izay rehetra nataony, sy izay mbola ataony, sy izay nahatonga ny aretiny, sy izay nihaviany, ary izay rehetra momba azy. Ary nisy aloka mainty lehibe teo nihantona tao amin'ilay efitra. Avy eo dia nanomboka niha-nazava, niha-nazava, niha-nazava, ary niha-nazava, avy eo dia ny Fanahy Masina no nandray ny fifehezana.

10 Ankehitriny, heveriko fa ilay lehilahy dia ao anatin'ny . . . any aoriana any ho any eto ankehitriny. Izy sy ny vadiny angamba dia mety tsy tafiditra ato anatin'ny tranobe, saingy nilaza izy ireo fa hijanona, na izany aza, ho an'ny fotoana. Izy ireo dia avy any, akaikin'ny Yakima, Washington, ary namily fiara. Ary mpitoriteny anankiray an'ny Filazantsara izy.

Saingy ny mahita fotsiny an'ilay fahasoavana avy—avy amin'Andriamanitra teo! Nefa, ilay lehilahy dia efa tany amin'ny toeram-pitsaboana sy nahazo an'ireo fitsaboana sy ny sisa. Ny Fanahy Masina no nanambara an'izany rehetra izany.

Fa, ireo dokotera dia niezaka mafy hanao ny zavatra rehetra izay vitany, angamba, ho an'ilay lehilahy, saingy nila nandray an'io fikasihana kely avy amin'Andriamanitra io fotsiny ilay izy, hanova an'ilay fisehon-javatra. Tena tsara ny fitsaboana ara-panairana, saingy izany dia karazan'ilay antsointsika hoe "tifitra an-jambany," fantatrareo. Ianareo, mety hanao anareo hiha-ratsy izany, hitanareo, satria hanadino ny zavatra rehetra izay efa mba fantatrareo ianareo, rehefa ampidirin'izy ireo ao anatinareo izany fanafody izany. Fa ny Tompo Andriamanitra kosa, toy ny ahoana ny Fahasoavany sy ny famindram-pony! Ary na dia talohan'ny nanolorako tenim-bavaka anankiray ho azy mihitsy aza, dia efa lasa sahady ilay izy. Hitanareo? Nila nandray an'io zavatra anankiray io avy tamin'Andriamanitra fotsiny ilay izy, io fikasihana anankiray io, mba hanao an'ilay izy.

Tsy tokony hilaza an'izao aho. Hia. Tokony ho niala aho, mahita an'ilay lehilahy ankehitriny. Eny, tsy fantatro na vitanao izany androany, na tsia.

11 Tany amin'ny tanàna izay nitoerako, tamin'ity herinandro ity. Izaho—izaho—izaho dia tia an'ireo sakaizako any. Fakandrivotra kely anankiray izany talohan'ireto fivoriana lehibe ireto, hitanareo. Ary tonga tany an-trano aho, mba handeha any sy hivoaka hihaza vontsira niaraka tamin'ireo rahalahy ireo. Ary ity fianakaviana ity, ireo fianakaviana ireo, raha ny marina, izay nitoerako tany, dia tena olona maha-te-ho tia tokoa. Ary ilay lehilahy, dia tena rahalahy anankiray, sakaiza; izany izy ireo.

Ary ny iray tamin'izy ireo dia tena mpitia an'ireo—ireo alika mpihaza. Ary manana fefy anankiray feno azy ireny izy any. Ary—ary nahita an'ilay alika lava sofina kely tena tsara tarehy aho tany, biby kely anankiray, izay saiky nantsoiko hoe, "antsasak'alika iray ny haavony ary alika roa ny halavany," fantatrareo, izay—izay nihazakazaka nanodidina an'ilay trano tany. Ary nieritreritra aho hoe, "Oadray, tsy ho tian'i Joe ve ny hanana zavatra tahaka an'izao!"

12 Ary, mazava ho azy, any Arizona any, dia tsy afaka nampiasa azy aho. Ho niditra tao anatin'ireo raketa izy, ary dia izay no ho fiafarany. Noho izany dia izaho no nilaza, ihany koa hoe, "Tsy afaka ny hahazo an'izany ianao. Tsy mampiasa alika izy ireo any, amin'io ampahan-tanàna io. Satria, izy ireo, eny, izy ireo dia tsy afaka mampiasa azy ireny fotsiny. Izy ireo dia . . . ihany koa, ny toetr'andro, ny—ny toeran'ilay tanàna miaraka amin'ireo raketa, ary ho faty izy ireo." Ary amin'izay fotoana izay, marina, ny alika lava sofina any, ny—ny lopa, na zavatra hafa no hamono azy, angamba, na izany aza, raha hivoaka izy.

13 Noho izany dia nilaza tamiko io lehilahy io hoe, "Azonao alaina fotsiny izy." Saingy izaho—izaho tsy naka azy. Izaho—izaho dia nankasitraka an'izany. Teo vao hitako, fa io no iray amin'ireo alika tiany indrindra.

14 Ary io lehilahy io dia nanana vady kely maha-te-ho tia anankiray sy ankizy madinika. Ary indray andro, dia nanomboka nanemotra ny fiarany izy, fa nanana an'ilay fiara Oldsmobile izy. Ary ilay alika kely dia tahaka an'*izao* fotsiny ny halavany, zanak'alika anankiray fotsiny. Ary voahitsany avy hatrany mihitsy ilay izy. Nitety avy hatrany an'ilay alika kely ilay Oldsmobile, teto amin'ny lamosiny *teto*, ary nanorotoro azy, ka ireo vato teo amin'ilay làlan-kely no nanapotsitra ny kibo keliny teto, fantatrareo. Ary—ary ilay vady kely, raha tokony hitondra haingana an'ilay alika kely tany amin'ny veterinera . . . Mazava ho azy, fa ilay veterinera dia nampatory azy avy hatrany fotsiny, ary namono azy. Hitanareo?

Nisy tovolahy hafa anankiray niaraka tamiko. Ary vantany vao niakatra teo izy, dia hoy izy, "Raha alikako io, dia ho notifiriko izy." Hoy izy, "Izay fotsiny. Hamela azy hijaly tahaka an'izao ve?"

15 Hoy aho hoe, "Eny, ndao isika tsy hitifitra azy." Hoy aho hoe, "Ndao isika hiandry kely fotsiny."

Nasaiko nandeha ny rehetra, ary nandeha aho ka nivavaka ho azy. Nanaraka ahy teo an-davarangana ilay alika kely. Ary izy, [Faly ny fiangonana—Mpand.] eny, izy. . .Hitanareo? "Na inona na inona zavatra irinareo, rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa voarainareo ilay izy; ho azonareo izany, homena anareo." "Na inona na inona zavatra." Izany ny Tompo Andriamanintsika. Sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Izy dia—Izy dia mahagaga sy mahafinaritra. Ary tiantsika tokoa Izy, izao maraina izao; ary miandry Azy, sy mahafantatra.

16 Hitako, indray andro, ny—ny mpivady antitra anankiray, ny reny sy rain'ny mpikambana tsara anankiray an'ity—ity fiangonan'ny mpino ity. Ary ilay reny dia, oh, ataoko fa manakaiky ny zato taona izy, ary ilay dada dia izany, ihany koa. Ary nandritry ny roa ambin'ny folo taona teo no tsy afaka nihetsika intsony io lehilahy io; tao amin'ny lamosiny, fa dia nandry mahitsy fotsiny. Sady, tsy afaka nandry tamin'ny ilany, no tsy misy na inona na inona. Nandry teo nandritry ny roa ambin'ny folo taona izy. Fahanterana fotsiny! Ary ilay reny ankehitriny dia saiky eo amin'ny taonany, heveriko, manakaiky ny zato taona any ho any, ary saiky efa very saina fotsiny ilay zavatra antitra mahantra. Mieritreritra izy fa misy olona haka an'izay rehetra ananany.

Ary izaho nijery an'ilay . . .ny tery ampitan'ilay latabatra, izahay rehetra, tanora sy antitra, nipetraka teo. Dia hoy aho hoe, "Handeha ho aiza isika? Inona no hataontsika?" Ary ilay ramatoa izay niarahako nipetraka tamin'izay fotoana izay, dia ny reniny sy rainy. Dia hoy aho hoe, "Ianareo dia mandeha amin'io làlana io, ihany koa. Tena marina, ny tsirairay amintsika." Hitanareo?

17 Eritrereto fotsiny izany, vetivety fotsiny, mialohan'ny hanombohantsika ny lesontsika. Izany no alehanareo. Inona no itolomanareo? Mba hahatonga anareo ho velona. Inona no ivelomanareo? Mba hahatonga anareo ho faty. Tsy tena ho fahadalana indrindra ve raha tsy nanaiky ny vatsin'Andriamanitra ho an'ny Fiainana Mandrakizay isika? Inona no azontsika eritreretina? Inona—inona no mety ho ao an-tsaintsika, izay hanintona ny fifantohantsika avy amin'ny . . . ho amin'ny zavatra rehetra? Ahoana moa raha manana zato tapitrisa dolara ianareo, sy manana ny fanjakan'ny—ny Indiana ianareo, na fanjakana hafa anankiray, na dia ilay firenena mihitsy aza, na, izay rehetra momba an'izany, ny tany manontolo?

Velona ela be ianareo, nefa ianareo dia tsy maintsy ho tonga eo amin'izany, ihany koa. Hitanareo? Ary tsy miova, isan'andro isan'andro, isaky ny mitempo ny fonareo, dia mandeha avy hatrany mahitsy any amin'izany ianareo. Hitanareo? Ianareo, tsy misy fandresena ho anareo. Any amin'ilay ilan'ny faharesena ianareo, ary, ianareo, ianareo tsy maintsy hahavery. Saingy tsarovy ilay teny fikasana, hoe, "Izay hahavery ny ainy noho ny Amiko no hahita azy." Ankehitriny, inona moa no ho harena miafina betsaka ho hita afa-tsy ny Fiainana, na dia hitanareo fa anareo aza ny tany manontolo? Saingy, raha ianareo—raha ianareo no mahita ny Fiainana, dia nahita ny zavatra lehibe indrindra izay mety ho hita ianareo. Izaho te- . . .

18 Nijery ny lasako aho ka nahita indray, izao ankehitriny izao, loka anankiray hafa an'ny fahasoavan'ny Tompo. Teo amin'ny herinandro vitsy lasa teo izay, dia nantsoina an-telefona aho. Ary mpikambana iray maha-te-ho tia an'ity fiangonana ity, na ity vatana ity . . . Tsy dia tiako antsoina loatra ho fiangonana anankiray ity. Izaho—izaho te-hiantso an'ity, hoe . . .

Tahaka ny noresahako tamin'ny olona sasany, hoy izy ireo hoe, "Eny, fiangonana inona no ikambananao?"

Hoy aho hoe, "Izaho tsy mikambana . . . "

"Anaram-piangonana inona no ikambananao?"

Hoy aho hoe, "Tsy misy."

Hoy izy ireo, "Eny, inona no ikambananao?"

Hoy aho hoe, "Fanjakana anankiray."

19 Fanjakana anankiray! "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika tao amin'izany Fanjakana izany." Tamin'ny Fanahy iray, ny rehetra, tao amin'io Fanjakana io! Hoy Jesosy hoe, "Mivavaha hoe, 'Ho tonga anie ny Fanjakanao. Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany, tahaka ny any Andanitra.'" Ankehitriny, nitsangana Izy indray andro talohan'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, hoy Izy hoe, "Lazaiko

aminareo marina tokoa, misy sasany izay mitsangana eto, no tsy hanandrana fahafatesana, mandra-pahitany ny fihavian'ny Fanjakana amin-kery." Voaseho mialoha izany, araka ny efa nianarantsika azy, ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Ny Fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo." Noho izany, ity dia Fanjakan'ny olona izay manambara fa tsy tranon'izy ireo ity. Tsy tranontsika ity. Miandry ny Fihavian'ilay Mpanjaka isika, hametraka an'ilay Fanjakana.

20 Nantsoina ho an'ny toe-javatra hamehana anankiray aho, an'ny—an'ny rahalahy antitra iray izay toy ny dada anankiray ho ahy. Ary izy. . . Tsy dia ela loatra no nahafantarako azy, saingy tsaroako ny andro izay nitondrako azy teto ho an'ny batisan'ny rano. Ary ho iraika amby sivifolo taona tsy ho ela izy. Ary niantso ahy ilay vadiny maha-te-ho tia, ary mpampivelona iray izy, nanao hoe, "Tratry ny fijanonan'ny fo tanteraka izy." Ankoatr'izany, izy dia nanana. . . Oh, nantsoiko. . . tsy haiko ny miantso an'ilay anarana. Aretim-po. [Hoy ny anabavy anankiray hoe, "Làlan-drà."—Mpand.] Aretim-po avy ao amin'ny làlan-drà. Misaotra anao. Aretim-po avy ao amin'ny làlan-drà, ary fijanonan'ny fo tanteraka. Tsy nanome fanantenana ny dokotera, tsy nisy mihitsy. Ary teo an-dàlam-pahafatesana ilay lehilahy, ka niantso ahy izy.

21 Ary niditra tao amin'ilay Ford keliko antitra aho, ary nanomboka nandeha teny amin'ny làlana ho any Ohio, haingana arak'izay vitako. Ary tsy fantatro, fa ny iray tamin'ireo kodiarako dia tsy teo amin'ny toerany, niendaka niala ilay kodiarana. Ary noho izany aho. . . dia tonga tany. Nivoaka avy tao amin'ny fivarotan-tsolika iray aho, teo amin'ny iraika ambin'ny folo ora teo. Nanahy ny aminy aho. Izaho—izaho dia tia azy. Ary fantatro, raha—raha izao no mitohy, raha maharitra ny Tompo, nahoana, na ho ela na ho haingana, dia tsy maintsy hifandao isika.

22 Saingy, tsy hahasakana ny Fampakarana izany, ankehitriny. Hitanareo? Tsia. Izy ireo no ho tonga aloha, amin'izay fotoana izay. Izy ireo no hahazo tombony, ireo izay lasa. Izy ireo no ho tonga aloha. Hitanareo? Hitanareo? "Isika izay velona ka mitoetra, amin'ny Fihavian'ny Tompo, dia tsy mba hialoha na hisakana an'ireo izay efa nodimandry. Hitsoka ny trompetran'Andriamanitra; ireo maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha. Amin'izay fotoana izay rehefa mahita an'ireo malalantsika ny masontsika, dia hovàna isika, ao anatin'ny fotoana fohy, ao anatin'ny indray mipi-maso, ary miaraka amin'izy ireo dia hakarina." Hitanareo? Ireo izay lasa aloha no manana tombony noho ireo izay mbola velona.

23 Vantany vao nandao an'ilay fivarotan-tsolika aho, tena tamin'ny iraika ambin'ny folo marina, dia hoy ny Fanahy

Masina tamiko hoe, "Aza manahy ny aminy ianao. Handray ny tànany ianao, eny an-dàlam-be indray, ary ho tonga ao am-piangonana izy," lehilahy iraika amby sivifolo taona, an-dàlam-pahafatesana.

Rehefa nihaona tamin'ny vadiny aho sy ireo malalany tao amin'ny hopitaly any Lima, dia nolazain'izy ireo ahy ny mikasika ny toerany. Niditra aho, nijery azy tao anatiny tao. Hoy izy hoe, "Fa zavatra anankiray hafahafa izy." Hoy izy, "Izy—izy dia nanomboka niova ho tsaratsara, tamin'ny iraika ambin'ny folo ora." Eny, ary izaho dia . . . Naneho zavatra maro tamin'ireo olona ireo ny Tompo, fantatr'izy ireo fa tsy izaho mihitsy no niteny an'izany. Satria, izy ireo no niteny tamiko voalohany hoe, "Nanomboka niova izy." Fantatr'izy ireo fa izaho no hiteny amin'izy ireo ny fahamarinana.

24 Noho izany, tamin'ny Alahady lasa teo, nandeha tao amin'ny Blue Boar Cafeteria tao Louisville aho, izay heveriko fa eo amin'ny valopolo isan-jato avy amin'ity fiangonana ity no miangona ao ny Alahady tolakandro, mba hisakafo, iza no hitako nidina tamin'ilay làlam-be? Lazaiko aminareo, nangovitra ny foko rehefa nahita ny Rahalahintsika Dauch aho nidina ny làlam-be, tena izay Nolazainy tamiko marina mihitsy. Nandray ny tànany aho, teo—teo an-dàlam-be.

25 Avy eo izaho—izaho dia niverina teto tamin'ny Alahady hariva lasa teo ary niresaka ny amin'ny lohahevitra momba ny firaisana, ny amin'*Ny Firaisan'Ny Famantaran'Ny Fotoana.* Noho izany . . . Ary avy eo dia izany no nitondra an'izany ho tanteraka, tena izay Nolazainy mihitsy. Ary io izy mipetraka ato am-piangonana androany, eto akaikintsika mihitsy, ho loka iray an'ny fahasoavan'Andriamanitra. Rehefa nandray ny tànany tao ambanin'ny trano-lay aho, trano-lay nisy rivotra izay nisy azy, dia hoy aho hoe, "Rahalahy Dauch, ho tsara ianao. Hahita anao ao am-piangonana indray aho. Fa, izany no HOY NY TOMPO HOE." Hitanareo? Io izy mipetraka ato am-piangonana, eto mihitsy ankehitriny, Rahalahy Dauch.

26 Raha tsy diso aho, ilay mpitoriteny izay noresahako, fotoana vitsy lasa izay, niditra ny Fanahy Masina ka nanambara an'ireo zavatra rehetra ireo; nilaza taminy hoe ahoana no nitrangany, ary nilaza taminy izay nataony; ahoana no nitrangany, ahoana no nisehoany, izay rehetra nitranga hatramin'izany fotoana izany, eny fa na dia ny toetran'ilay fianakaviany aza, sy ny rehetra mikasika an'izany. Ary nilaza taminy, hoe, "Nifarana ilay izy." Ary mipetraka eto mihitsy ilay mpitoriteny, itsy ankavanana itsy. Hanangana ny tànanao fotsiny ve ianao, tompoko? Io, izy sy ny vadiny, marina tokoa, izao ankehitriny izao.

Io mipetraka io Rahalahy Dauch, eto mihitsy ankehitriny. Oh, oadray!

27 Tsy mahafinaritra ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Ireo zavatra izay nisy, misy, ary hitranga." Iray, roa, telo no vavolombelona. "Ireo zavatra izay nisy, izay nataonareo; ireo zavatra izay misy ankehitriny; ary ireo zavatra izay hitranga." Ary isaky ny fotoana, tena marina, tena marina eo amin'ny Teny. Izany dia Andriamanitra irery ihany no afaka manao an'izany. Oh! Tsy tena faly indrindra ve isika amin'izany zavatra izany? ["Amena."]

28 Ankehitriny, ny antony nangalako fotoana mihoatra kely fotsiny, dia noho i Billy izay tsy maintsy nandeha naka ny vadiny sy ny zanany. Dia hoy izy hoe, "Dada, aza manomboka mitory teny raha tsy efa tafaverina aho." Noho izany, izaho—izaho dia mihevitra fa tafaverina izy ankehitriny. Ary tsy tokony haka an'izany fotoana betsaka izany aho, na izany aza. Ary miezaka aho ny miala amin'ireo ora efatra mandreraka izay ametrahako anareo rehetra eto, ka hanao an'ilay izy ho dimy amby telopolo, dimy amby efapolo minitra, hitanareo, ary hiezaka hihazona an'izany.

29 Ankehitriny, noderaina aho indray andro tany Chicago. Nataoko telopolo minitra ilay izy, na zavatra toy izany, dimy amby telopolo minitra. Ary ny Alahady hariva farany dia dimy amby efapolo minitra fotsiny. Hoy Billy hoe, "Tena niha-tsara marina tokoa ianao, dada. Midera anao aho, ny amin'izany."

30 Eny, angamba, izao maraina izao, ny hanao an'ilay izy ho karazana sekoly Alahady kely anankiray, dia tsy hihazona anareo ela loatra aho. Amin'izay fotoana izay dia afaka mivoaka ianareo ka hihinana ny sakafonareo, sy hivavaka, ary hiverina rahariva ho an'ny asa fanasitranana. Hanao laharam-bavaka isika rahariva ary hivavaka ho an'ny marary.

31 Ankehitriny, raha mahafantatra olona manodidina ianareo, na aiza na aiza, izay marary ka mila hivavahana, dia ento eto izy ireny rahariva. Hitanareo? Raha tsy maintsy hitondra azy ireny ianareo, amin'ny fomba rehetra, dia ento eto izy ireny. Hitanareo? Izay ny zavatra lehibe, dia, ny mitondra azy ireny eto rahariva. Miaraka mihaona isika. Izay fomba izay. . . Sarotra ny hanao antso, handeha hitety toerana; amin'izay fotoana izay dia hanadino ny olona sasany ianareo, ary hisy fihetseham-po ratsy. Fa raha afaka mametraka azy rehetra amin'ny toerana anankiray aho, dia afaka ny hivavaka ho azy ireo aho. Ankehitriny, raha ianareo no. . . Raha mila hivavahana ny olona, izy ireo. . . Hoy ianareo hoe, "Hanaiky ve izy ireo?" Oh, izany tokoa. Hivavahana izy ireo. Ento izy ireny. Raha sitraky ny Tompo, dia ho eto izahay, hivavaka ho an'ny rehetra. Satria, tsapako fa ilay sintona fahatelo dia efa manomboka mihetsika, hitanareo, miaraka—ao anatiko. Ary izaho—izaho—izaho dia te-hivavaka ho an'ny rehetra.

32 Ankehitriny dia ndao isika hamadika, izao maraina izao ao amin'ilay Soratra fahiny mahazatra izay karazan'ny

noraisiko maimaika omaly hariva, tena te-hatory tokoa aho, ka nanoratra Soratra vitsivitsy amboniny ampiarahana amin'izany. Ary naka karazana fanampiny. Nandre rahalahy anankiray aho, indray mandeha, nampiasa an'ity lahateny ity. Ary nieritreritra aho. . .Noraisiko naoty ilay izy. Nieritreritra aho hoe, "Eny, mino aho fa ho raisiko naoty izany, satria mety azoko ampiasaina izany."

Matetika isika no manao an'izany. Voamariko, fa maro aminareo eto, no manana silan-taratasy. Ary mety milaza zavatra anankiray ny mpitoriteny iray, ary avy eo ianareo—ianareo dia hidona amin'izany faritra izany, zavatra anankiray izay handona ao anatinareo. Ary avy eo raha ny Fanahy Masina no manao an'izany, amin'izay fotoana izay ianareo no hanomboka hanorina avy eo amin'io faritra eo io mihitsy, hafatra iray ho an'ny Tompo. Ary tena tsara izany. Nahamarika aho tao amin'ny fivoriana, na aiza na aiza alehanareo, an'ireo mpitory teny sy ny olona mandray naoty mihitsy. Tena tsara izany. Isika—isika dia eto, izany no mahatonga antsika eto, dia ny miezaka hifanampy mandritr'izao làlana izao.

33 Ary ankehitriny dia ndao isika hamadika ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-3, ao amin'ny taonan'ny fiangonana, hamerina taonan'ny fiangonana anankiray. Saingy ankehitriny isika dia. . .isika. . .eto. Hia. Afaka maka an'ity lahateny tokana ity aho, ary miaraka amin'ny Fanahy Masina, mitory an'Izany mandritry ny zato taona nefa dia tsy mahatafavoaka mihitsy an'izay ao anatin'Izany. Satria, ao amin'ity lahateny tokana ity, tahaka ny lahateny hafa rehetra an'ny Baiboly, dia mifamatotra daholo Izany.

Ary tiako ny haka ny lohahevitro, izao maraina izao, avy amin'ity: *Ahoana No Ahafahako Mandresy?* Ankehitriny, nifidy an'ity aho satria mihevitra aho fa izao no fotoana tsy tokony hamelantsika mihitsy ny Fanahin'ny fifohazana ho faty. Tokony hijanona ao anatin'ny fifohazana isika, mandray tsy an-kijanona, isan'andro. Nilaza i Paoly fa izy dia tsy maintsy "maty isan'andro, mba hahafahan'i Kristy ho velona." Ary isika dia tsy mahazo mamela mihitsy an'izany fifohazana izany ho faty, ao anatintsika.

Ankehitriny, Apokalypsy, ny toko faha-3, ary manomboka amin'ny andininy faha-21, izao no vakiantsika.

> *Izay maharesy dia avelako hipetraka miaraka amiko eo amin'ny seza fiandrianako, dia tahaka ahy. . .* mandresy*, sy ipetrahako miaraka amin'ny Raiko eo amin'ny seza fiandrianany.*
>
> *Izay* manan-*tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana.*

34 Efa voamarikareo ve ilay—ilay filaharan'io? Hitanareo? "Hipetraka miaraka Amiko *eo amin'ny* Seza fiandrianako,"

tsy hoe "*eo ambonin'ny* Seza fiandrianako." "*Eo amin'ny* Seza fiandrianako," izany hoe ao amin'ny Taniny. Hitanareo? Ary eo, satria—satria Kristy no Mpanapaka, Mpanapaka ny seza fiandrianana amin'izao fotoana izao, an'ilay tanin'Andriamanitra rehetra, dia hiaraka Aminy koa ilay Fiangonana, hiaraka Aminy ilay Ampakarina, eo amin'ny Seza fiandrianany, ao amin'ilay tany manontolo. Hitanareo? Tsy hoe "*Eo ambonin'ny* Seza fiandrianako," fa "*eo amin'ny* Seza fiandrianako," hitanareo, eo amin'izay ivelaran'ny Taniny. Ny seza fiandrianana dia eo ambonin'ny tany anankiray, ary—ary ny tany anankiray dia mivelatra arak'izay lavitra indrindra misy ny sisin-taniny. Ary ity dia avy amin'ny Mandrakizay ho amin'ny Mandrakizay. Eritrereto fotsiny izany!

35 Ankehitriny, raha mianatra an'izao isika, ny tanjoko amin'izao dia tsy hoe ny ho tonga eto fotsiny mba—mba hiombona miaraka amin'ny olona. Izany, tiako ny manao an'izany. Saingy raha—raha nanana anjara hanaovana an'izany aho, dia ho tonga any an-tranonareo aho, ary handray ny tànanareo ka hiresaka aminareo, ary hipetraka, hihinana ny sakafo hariva miaraka aminareo; ary hipetraka, eo ambanin'ny alokaloky ny hazo, ka hiresaka sy hiombona vetivety.

Saingy rehefa tonga eto kosa isika, dia eto isika ho an'ny tanjona manokana anankiray. Ity no tranon'ny fanitsiana. Ity no seza fiandrianana. Ity no seza fiandrianan'Andriamanitra, ary ny fitsarana dia manomboka avy ao amin'ny tranon'Andriamanitra. Ary eto no hahatongavantsika miaraka, miangona ao amin'ny fitiavana, miaraka amin'ny hafa, fa ny Kristiana irery ihany no mahay mitia. Saingy, ato, isika dia—isika dia eo ambanin'ny—ny—ny—ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Eto anivontsika ny Fanahy Masina. Ary eto isika mba ho . . . mba hanao fandinihan-tena eo anivontsika, mba hahita hoe aiza no misy an'ireo toeran'ny fahalementsika, ireo fahadisoantsika, sy ny hoe ahoana no hahafahantsika miarina avy eo amin'izay mety misy antsika, ho amin'izay tokony hisy antsika ankehitriny; aiza no misy antsika, ary aiza no tokony hisy antsika. Ary izany no ianarantsika. Mianatra an'ireo toerana ireo ny mpitoriteny, ho an'ny olony. Rehefa mahita ny olona izy ireo, ilay fahabangana, dia eo amin'izany izy ireo no manomboka.

36 Ankehitriny, tsy ho ela, heveriko fa ny fiangonana angamba dia tokony handray dingana kely anankiray avoavo kokoa amin'izao andro izao. Tsy niomana hanao an'izay aho izao maraina izao, haneho an'ireo zavatra ireo. Saingy izaho—izaho dia mihevitra, fa tsy ho ela, raha sitraky ny Tompo, alohan'ny hitoriantsika an'ireo Trompetra ireo, dia tiako ny—ny—ny hitondra ho an'ny Fiangonana zavatra anankiray fotsiny izay—izay tokony ho fantatrareo, mino aho, ankehitriny.

37 Ary ankehitriny isika dia hiresaka ny amin'ity, "fandresena." Ny teny hoe *mandresy*, mazava ho azy, dia fantatrareo hoe inona no dikan'izany. Mila manana zavatra anankiray ho resena ianareo. Ary ity taom-piangonana izay resahan'ny Fanahy Masina eto ity, ao amin'ny Taonan'ny Fiangonana Laodikia, arak'izay vao avy nianarantsika, dia nila fananarana. Tsy maintsy nanarina i Laodikia, noho ny—ny tsy firaikany tamin'i Kristy. Nametraka an'i Kristy tany ivelany izy, tao amin'ny—tao amin'ny taonany. Ary tany ivelany i Kristy, niezaka ny hiverina ao anatiny. Izany no fitiavana. Rehefa noroahina avy tao amin'ilay Tena Tranony Izy, dia niezaka ny hiditra indray, ary nanao hoe, "Izay hamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho." Hitanareo? Ilay fiangonana, izy tenany, amin'ny manontolo, no nandroaka Azy.

38 Saingy mariho ankehitriny. Ity Antsony eto ity dia tsy ho an'ilay fiangonana fotsiny. "Izay maharesy." Hitanareo? Tsy ilay fiangonana; izany dia ho izy, hitanareo, ilay vatan'ny fiangonana. Fa ilay izy dia "izay maharesy," ilay isambatan'olona izay handresy, ankehitriny.

39 Ary i Laodikia no nahazo an'izany tonga teo aminy. Ankehitriny dia hitantsika, noho izany, mahafantatra fa izao no Taonan'i Laodikia, sy mahafantatra fa izao taona izao dia mila fananarana masiaka avy amin'Andriamanitra. Mila fananarana masiaka anankiray izy. Ary rehefa lasa tena malemy sy mihena ireo mpitandrintsika, tahaka ny raibe antitra anankiray eo amin'ny zafikeliny, izay rehetra ataon'izy ireo dia tanteraka. Ary izy ireo dia . . .

40 Betsaka no nilazana, fa Andriamanitra dia Andriamanitra tena tsara anankiray, hany ka miezaka izy ireo ny manao an'Andriamanitra ho raibe lehibe mihena anankiray fotsiny. Hitanareo? Fa tsy izany Izy. Ray anankiray Izy, ary Ray anankiray an'ny fahamarinana, an'ny fanitsiana. Ary ny fitiavana dia manitsy foana. Hitanareo? Manitsy ny fitiavana. Tsy mampaninona na dia maharary mafy aza ilay izy, fa manitsy foana izany.

Ny tena reny anankiray dia hanitsy ny zanany. Ny tena dada anankiray dia hanitsy. Hitanareo? Raha lasa malemy sy mihena fotsiny ianareo, ka mamela an'ilay izy . . .

41 Nahitsaka vatan-kazo antitra aho indray andro, tao amin'ny—ny rano miandrona anankiray, na ilay antsoina hoe poak'aty. Ary nitsambikina teo ambonin'io vatan-kazo io aho. Ny tety ivelany, dia ohatry ny tsara, tahaka ny vatan-kazo hêtre antitra be anankiray. Fa rehefa nitsambikina teo amboniny aho, oh, nisy silaka lehibe anankiray niendaka taminy. Tena lo sy malemy ilay izy. Hoy aho hoe, "Ho lasa tahaka an'izany ireo Kristiana." Maty ao amin'ny ota sy

ny fandikan-dalàna izy ireo, nandritry ny ela, hany ka lasa mihena. Tsy mahazaka vesatra izy ireo, intsony mihitsy. Izy ireo—izy ireo dia tsy mahafantatra hoe inona no dikan'ny hoe mandresy. Ary nanomboka nieritreritra an'ity lahateny ity aho, avy eo. Mandresy, mitàna ny Aina ao anatinareo. Rehefa nivoaka ny aina, izany no nitondra an'ilay vatan-kazo teo amin'io toerana io. Hitanareo? Ary izany no nanao azy ho ratsy lavitra noho ny tamin'ny fotoana nitoerany tao amin'ilay sampana izay nisy ny rano.

42 Ary noho izany, eo, dia alaivonareo ny Kristiana anankiray, izay natao ho Kristiana anankiray, avelao ilay Ain'Andriamanitra hiala eo aminy, ary ilay fahatsapana, ilay fifalian'ny fanompoana an'i Kristy; nefa, miaina ao anatin'ny fiangonana iray izay hisehoan'ny tahaka an'izany, indroa lo haingana izy, marina, miaina mihitsy eo ambanin'izany.

43 Noho izany, raha miezaka manaraka an'ilay Hafatry ny ora isika, na fara-faharatsiny ity ampahan'ny Hafatra ity, dia tsy maintsy mivelona tsy ankijanona ao amin'ny Ain'i Kristy isika. Hitanareo? Satria, raha tsy izany, dia mandry eo ianareo, ka mahafantatra an'Izany, ireo zavatra izay tokony hataonareo, nefa tsy ataonareo ilay izy. Hoy ny Baiboly hoe, "Izay mahafantatra ny hanao ny tsara, nefa tsy manao an'ilay izy, dia ota ho azy izany." Dia lasa mihena ianareo, lo, rehefa tafasaraka tamin'ilay Ain'Andriamanitra ianareo. Noho izany, dia mikezaha miaraka amin'izay rehetra ao anatinareo, mba hitoetra ao amin'ny Ain'i Kristy, mba hahatonga anareo hitondra voa.

44 Hitantsika ity taona izay iainantsika ity. Izy no iray amin'ireo taona lehibe indrindra amin'ny taona rehetra. Ity Taonan'ny Fiangonana Laodikia ity no lehibe indrindra amin'ny taonan'ny fiangonana rehetra, satria izy no faran'ny fotoana sy ny fifangaroan'ny Mandrakizay. Ary, noho izany, dia izy no taona lehibe indrindra feno ota. Betsaka ny ota ao amin'ity taona ity noho izay efa nisy hatramin'izay. Ary ireo herin'i Satana dia—dia matetika no mafy iadiana kokoa noho ny tao amin'ny taona rehetra. Hitanareo? Eto!

45 Tao amin'ireo taona tany aloha, ny Kristiana iray dia afaka, ho an'ny filazany fa fiangonana iray. . . mikambana amin'i Kristy, dia afaka notapahan-doha ho an'izany. Afaka novonoina izy, ary afaka tamin'ny fahoriany, ka lasa nihaona tamin'Andriamanitra, haingana.

Saingy ankehitriny dia niditra ilay fahavalo, tamin'ny anaran'ilay fiangonana, ary tena mamitaka ilay izy. Ity no taona lehibe an'ny famitahana. Rehefa, Kristy no niteny an'izany, "Tena hifanakaiky ireo fanahy anankiroa amin'ny andro farany hany ka hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo natao." Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Tsarovy, niresaka ny amin'ny vahoaka anankiray voafidy Kristy ho an'ny andro

farany. Hitanareo? "Hamitaka ny tena Voafidy izany raha azo natao." Tena mifanakaiky! Ny olona noho izany dia miaina, ny olona dia afaka miaina fiainana madio anankiray, masina; tsy mpanota, mpijangajanga, sy mpisotro, sy mpandainga, mpiloka. Afaka miaina any ambonin'izany izy ireo, nefa dia mbola tsy miaraka amin'ilay Izy. Marina izany.

46 Ity no—no taonan'ny Aina, Ain'i Kristy manokana, misy, an'ilay—ilay singa simika an'ny Vatany, izay tao Aminy.

Voalohany, teo ambanin'ny fanamarinana, ny batisan'ny rano. Faharoa, teo ambanin'ny Fahateraham-baovao, an'i Wesley, fanamasinana, izay manadio. Ary fahatelo, dia teo ambanin'ny batisan'ny Fanahy Masina, mametraka an'ilay vazy nohamasinina ho an'ny asa. Hitanareo? Ny teny hoe *manamasina* dia midika hoe, teny Grika mitambatambatra izany izay midika hoe "nodiovina ary natokana ho an'ny asa," natokana ho an'ny asa. Ankehitriny ny Fanahy Masina no mametraka azy ao amin'ny asa. Hitanareo?

47 Ary hahamarika isika, "Rehefa mivoaka avy ao amin'ny olona iray ny fanahy maloto, dia mandeha any amin'ny toerana karakaina izy." Izany tanteraka tokoa no nataon'ny fiangonana, Batista, Metodista, ireo izay nino ny fanamasinana. "Avy eo," hoy Jesosy hoe, "mivoaka ilay fanahy maloto, dia miverina indray ao amin'io vatan'ny fiangonana io ka mahita an'ilay trano voahaingo tsara, voafafa madio, miaina mangarangarana, fiainana madio." Tena tsara. "Fa amin'izay fotoana izay raha tsy feno io trano io, misy mipetraka, dia hiditra izy miaraka amin'ny demony fito hafa ratsy lavitra noho izy, ary ny dingana faran'io toerana io dia ratsy impito lavitra noho ny naha-izy azy tany aloha." Tsaratsara kokoa ho azy ireo ny nijanona ho Loterana, noho ny mandray an'ilay Hazavana ka diso tamin'ny fanarahana Azy. Ho toy izany koa ireo Pentekotista, hitanareo, fantatrareo izay tiako ho lazaina, voahaingo ilay trano.

48 Tahaka ny noresahako tamin'ny olona anankiray, indray andro, nanao hoe, "Mitandrina mafy izy ireo, na dia ireo andiany maro an'ny fahamasinana aza, ny tsy hiantso ny Fanahy Masina hoe, 'Fanahy Masina' [Holy Ghost amin'ny teny Anglisy—Mpand.], satria mampitovy ny tenany amin'ireo Pentekotista izy ireo raha manao an'izany. Hoy izy ireo hoe, 'Fanahy Masina,' [Holy Spirit amin'ny teny Anglisy.] hitanareo, tsy mety miteny hoe, Fanahy Masina [Holy Ghost]. Satria, ny Pentekotista, olona tsotra, dia miantso Azy fotsiny arak'izay lazain'ny Baiboly hoe, "Fanahy Masina." [Holy Ghost]. Fa, ny Fanahy Masina [Holy Spirit] sy ny Fanahy Masina [Holy Ghost] dia zavatra iray ihany. Saingy tena mitandrina mafy izy ireo ny amin'izany. Tsy te-hampitoviana amin'ireo olona mpiteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo; nefa izany no Fanahy Masina, Izy tenany. Hitanareo?

Inona àry no nitranga? Rehefa ilay fahavalo, izay nivoaka teo ambanin'ny fanamasinana, izay voasasa, no niverina indray ka nahita an'ilay trano tsy fenon'ny Fanahy Masina, ankehitriny ny toetran'ilay fiangonana dia nikambana tamin'ny—ny vondrom-piangonana, niaraka tamin'ilay Fiombonan'ny Fiangonana Maneran-tany. Ary izany dia toetra anankiray ankehitriny izay mampiray azy amin'ny Katolisisma Romana sy ny sisa rehetra amin'izany, ary ankehitriny dia impito ratsy lavitra noho ny naha-izy azy tamin'ny nivoahany avy tao amin'ny Loteranisma izy. Teo no nahazoan'ny olona azy.

49 Ary avy eo dia jereo ilay Taonan'ny Fiangonana Laodikia rehefa avy nandray ny Fanahy Masina izy, ary niaraka tamin'ny fahalalana sy ilay Fanahin'Andriamanitra tao anatin'Izany, nefa avy eo dia nolaviny ireo asan'Andriamanitra, ka niantso an'Izany hoe "asan'ny ratsy." Avy eo dia ahoana ny amin'izany? Teo Kristy no voaroaka avy tao amin'ilay Fiangonany Manokana. Hitanareo? Izy . . . Tsy naneho Azy mihitsy izy tao amin'ilay fiangonana raha tsy efa tonga tao amin'i Laodikia ilay izy; ary rehefa tonga tao amin'i Laodikia Izy, dia voaroaka avy tao amin'ny Fiangonany Izy, niezaka ny hiditra indray.

50 Ankehitriny, hitanareo, ny fanamarinana dia tsy nampiditra Azy mihitsy. Ny fanamasinana dia nanadio fotsiny an'ilay toerana ho Azy. Fa rehefa tonga kosa ilay batisan'ny Fanahy Masina, dia izany no nampiditra Azy tao amin'ny olona. Ary ankehitriny dia navoakan'izy ireo Izy, rehefa nanomboka naneho ny Tenany Izy, hoe Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Navoakan'izy ireo Izy satria nanao anaram-piangonana izy ireo, ary ilay—ilay Fanahin'ny Tompo dia tsy hanaiky ny anaram-piangonan'izy ireo. Azonareo ve ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany, noroahan'izy ireo Izy. "Tsy te-hiditra amin'io fifandraisana ara-tsaina io izahay. Izany dia—izany dia avy amin'ny devoly. Fanaovana hatsarana izany. Na . . . " Hitanareo?

Tsy mahazo izy ireo. "Maso, nefa tsy mahita; sofina, nefa tsy mandre." Hitanareo? Andriamanitra no manokatra ny maso arak'izay Tiany. "Manamafy an'izay amafiany Izy, izay Tiany, ary—ary—ary manome Aina ho an'izay Iriany." Izany no nolazain'ny Soratra.

51 Ankehitriny, hitantsika ireo ora izay misy antsika, izao dingana izao, ary hitantsika hoe inona ilay izy. Ary ilay Fanahy Masina dia mananatra an'ilay taona izay nandroaka Azy. Saingy, ao amin'izany rehetra izany, dia mba voamarikareo ve hoe, "Ho an'izay maharesy"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Na dia ao amin'io taonan'ny fiangonan'izao tontolo izao, ratsy fanahy io aza, "Izay maharesy."

52 Mahita isika eto fa manana mpandresy foana Andriamanitra. Nanana mpandresy Izy tao amin'ny taona rehetra. Misy

foana, isam-potoana, tao amin'ny taona rehetra izay nisy teto ambonin'ny tany, Andriamanitra dia nanana olona foana izay Azony nametrahana ny Tànany, mba ho vavolombelona eto antany. Tsy mbola tsy nanana vavolombelona mihitsy Izy, na dia anankiray fotsiny ihany aza matetika. Fa misy olona mandresy, ankehitriny, tahaka an'ireo masina fahiny.

53 Ary ny—ny lehilahy tena tsara anankiray, manam-pahaizana anankiray, no niteny, taorian'*Ny Tombokase Fito,* hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, ianao dia mpanao ta—tandindona anankiray, mpampitovy, raha ny marina," hoy izy, "ahoana mihitsy moa no hametrahanao an'io Fiangonana io ao amin'ny Fampakarana tsy miaraka amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, ao amin'ny tandindona iray?" Hoy izy . . .

Hitanareo, raha tandindona iray izany, dia tsy maintsy misy ny . . . misy . . . Raha misy ny tandindona mialoha anankiray, dia tsy maintsy misy ny tandindona iray ho an'io tandindona mialoha io nivoahany. Ary ny zavatra rehetra izay lazaiko, marina izany, dia manana tandindona. Manana tandindona iray izany. Manana aloka anankiray ianareo. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Ireo zavatra fahiny dia aloka iray an'ireo zavatra vaovao izay ho avy."

Hoy izy hoe, "Saingy ankehitriny ianareo dia mandray ny Testamenta Taloha ho aloka iray. Ankehitriny," hoy izy hoe, "inona no hataonareo amin'io Fiangonana io?"

54 Io lehilahy io dia avy amin'ny . . . Lehilahy malaza anankiray, mpampianatra malaza anankiray izay tena sakaizako akaiky tokoa, tena lehilahy tsara, ary manana rahalahy iray maha-te-ho tia izy. Izaho—izaho dia tsy ho sahy hilaza teny anankiray hanohitra an'ilay rahalahy. Tsy hanao aho, na izany aza. Amin'ny—amin'ny maha . . . Amin'ny maha-Kristiana iray, dia tsy hilaza na inona na inona hanohitra azy aho. Izy—izy—izy dia tsy manaiky ahy eo amin'io lohahevitra anankiray io, saingy izy—izy dia rahalahiko sarobidy. Miaraka misakafo izahay. Ary, oh, lehilahy mahafinaritra anankiray mihitsy izy. Alaiko ny magazinany, vakiako ireo lahatsorany. Ary manoratra vitsivitsy avy amin'ny ahy izy, sy ny sisa. Ary naka lahateny betsaka tamin'izay no—novakiako aho—novakiako avy tao amin'ireo lahatsorany, nihaino azy niteny. Lehilahy malaza anankiray izy, saingy izy—izy dia tsy manaiky ahy mihitsy. Mankasitraka an'izany aho, ny amin'ny fahatsoram-pony. Na izany aza dia tsy izy mihitsy, no ho anankiray amin'ireo saribakoly, izay hanaiky fotsiny ny zavatra rehetra izay lazainareo. Manana ny fandresen-dahany manokana izy, ary manohana an'izany izy. Mankasitraka an'izany aho. Ary lehilahy tsara anankiray izy. Oh, izaho—izaho dia tsy mpampianatra na manam-pahaizana, mihitsy, saingy ity lehilahy ity dia sady mpampianatra no manam-pahaizana.

55 Fa izaho—izaho dia tsy afaka manaiky azy, satria tsy hitako ilay izy. Saingy, tsy momba ny famonjena ilay izy, ilay izy dia momba ny Fihavian'ny Tompo. Izy dia mahita fa ny Fiangonana dia tsy maintsy mandalo ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, ho an'ny fanadiovana. Izaho milaza fa ny Ràn'i Jesosy Kristy no nanadio ny Fiangonana. Hitanareo? Izany dia mila . . .

Izaho dia mino fa ilay fiangonana dia mandalo ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, ilay fiangonan'ny rafi-pandaminana, fa ilay Ampakarina kosa tsy mandalo. Ianareo ve dia hifidy vehivavy iray izay tsy maintsy ho diovinareo alohan'ny hanambadianareo azy? Hitanareo? Ny Ampakarin'i Kristy dia nofidiana, ary Voafidy Izy. Ary Izy no Ampakarin'Andriamanitra, ilay Ampakarin'i Jesosy Kristy.

56 Ary ankehitriny dia hoy izy hoe, "Ahoana no hanaovanao tandindona an'izany, raha mandeha io Ampakarina io, miakatra mialohan'ny Handalovany ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe?" Hoy izy, "Manana ny Soratra aho izay maneho aminao fa ny Fiangonana dia ao anatin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe."

Hoy aho hoe, "Vakio fotsiny ny Tombokase Fahenina, dia izay ihany, tena ao ambanin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe tokoa izy. Saingy jereo tsara, mialohan'izany mihitsy, dia efa lasa ny Ampakarina. Hitanareo? Any amin'ny Voninahitra Izy amin'io fotoana io. Tsy mahazo fanadiovana Izy." Hitanareo?

"Izay mino Ahy no manana ny Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga ao amin'ny fanamelohana na ny Fitsarana, fa efa niala tao amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Kristy no nanome antsika ny fampanantenana fa tsy hitsangana eo amin'ny Fitsarana akory aza isika. Noho izany dia naka ny toerako maimaim-poana Izy, hany ka tena afaka tanteraka aho. Rehefa voavela aho, dia voavela aho. Ahoana moa no Ahafahany manala ahy avy ao amin'ny fisamboram-bola misy antoka, manana rosia mazava anankiray, raha . . . Ahoana moa no haha-Mpanavotro Azy, ka nanala ahy avy tao amin'ny trano fisamboram-bola misy antoka, nefa dia mbola milaza foana ilay mpampindrana fa azy aho? Manana rosia voasoratra aho, amena, hitanareo, nosoratana tamin'ny Ràn'i Jesosy Kristy. Hitanareo? Ankehitriny, ao amin'izany, eo no ahatongavantsika.

Hoy izy hoe, "Ankehitriny, ahoana no hahazoanao, hanavaka an'ilay Ampakarina voafidy izay resahinao ankehitriny io, ahoana no hametrahanao an'Izany eo ambanin'ny tandindona iray?"

57 Hoy aho hoe, "Tena tsara." Hoy aho hoe, "Ity ilay izy. Ankehitriny, ao amin'ny Matio, ny toko faha-27 ary ny andininy faha 51." Raha isika . . .

Avelao aho hamaky azy fotsiny, ary amin'izay fotoana izay isika—isika dia hahazo azy tsara. Avy eo dia ho hitantsika raha natao tandindona ilay izy na tsia, raha tsy ilay Ampakarina voafidy izany. Matio, ny toko faha-27 ary ny—ny andininy faha-51. Eny àry. Vakiantsika izany, tamin'ny fanomboana ny Tompontsika.

> *Ary, indro, ny efitra lamba tao amin'ny tempoly dia triatra nizara roa avy any ambony nankany ambany;* . . .

58 Ankehitriny, izany dia ny lalàna. Nifarana teo avy hatrany ny lalàna. Satria, ilay efitra lamba no niambina ny fiangonana ho lavitr'ireo zava-masin'Andriamanitra. Mpisorona voahosotra anankiray irery ihany no niditra tao, ary, izany, dia indray mandeha isan-taona. Tsaroanareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, Andriamanitra, miaraka amin'ny Tànany Manokana, mariho, "avy any ambony nankany ambany," tsy hoe avy any ambany nankany ambony. Eo amin'ny efapolo dian-tongotra eo ny haavon'izany. Mariho, tsy hoe avy any ambany nankany ambony, fa "avy any ambony nankany ambany," naneho fa Andriamanitra no nanao an'izany. Notriariny roa ilay efitra lamba, ka amin'izay fotoana izay, ny tsirairay, na iza na iza maniry, dia afaka tonga sy mandray anjara amin'ny Fahamasinany. Hitanareo? Eny àry.

> . . .avy any *ambony nankany ambany; dia nihorohoro ny tany, ka nitresaka ny vatolampy;*
>
> *Ary nisokatra ny fasana; ka maro ny vatan'ireo masina izay efa nodimandry no natsangana,*
>
> *Ka nivoaka avy tao amin'ny fasana ireo taorian'ny fitsanganany,* . . .*nankao amin'ny tanàna masina, ary niseho* tamin'ny *maro.*

59 Io ilay Voafidy, ilay Ampakarina. Tsy ny fiangonana Jiosy rehetra akory no nivoaka tamin'io fotoana io. Izy rehetra dia nanao an'ilay fanatitra mitovy. Izy rehetra dia teo ambanin'ilay ràn-janak'ondry nararaka. Saingy nisy Andiany anankiray voafidy teo; ary io Andiany voafidy io, vantany vao tonga ilay fotoana, ilay tena nino tokoa an'ilay Izy tamin'ny fahatsoram-po. Ankehitriny tonga eo amin'ilay teny hoe *mandresy* aho. Ankehitriny hazony izany. Ireo izay tena nandresy tokoa, nanao tamin'ny fahatsoram-po an'ilay fanatitra mitovy tamin'izay nataon'ny sisa tamin'izy ireo, saingy, tao amin'ny fahatsoram-po, no nandresy an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Rehefa natao ho azy ireo marina ilay fanati-panavotana, dia tao amin'ny paradisa izy ireo mandra-pahatongan'io fotoana io. Rehefa tonga io fotoana io, dia nandresy izy ireo ary niala sasatra, natory; hitanareo, "vatana maro amin'ireo izay natory tao amin'ny vovoka," hitanareo, natory.

60 Ankehitriny, raha nanam-potoana isika, dia afaka niverina tao amin'ny Daniela, rehefa, Daniela, ilay hany

voafidy izay nandresy. Ary hoy Izy hoe, "Ahorony ny Boky, ry Daniela, fa hitsahatra ianao ao amin'ny anjaranao. Fa rehefa ho tonga ilay Andriana, izay hiaro ny olona, dia hitsangana ao amin'izany anjara izany ianao." Io ilay izy. Daniela, io mpaminanin'Andriamanitra io, dia nahita ny andro farany tonga. Ary hoy Izy hoe, "Ry Daniela, hitsangana eo amin'ny anjaranao ianao amin'io andro io." Ary io izy eto, nivoaka; tsy ny Isiraely rehetra, fa ilay tandindon'ny Ampakarina an'Isiraely. Ankehitriny, ny sisa amin'Isiraely dia tsy mbola nivoaka mandra-pahatongan'ilay fitsanganana faobe.

61 Ary ankehitriny, amin'ny Fihavian'ny Tompo Jesosy, ireo izay tena tia tokoa ny Fihaviany, ireo izay miaina ho an'izany; rehefa hiseho eny amin'ny lanitra Izy, ilay Fiangonana izay maty tao amin'ny Kristy no hitsangana, sy ireo izay hovàna ao anatin'ny fotoana fohy. Ny sisa amin'izy ireo dia tsy hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany. Tsarovy, "Niseho tamin'ireo tao an-tanàna." Hitanareo? Ny—ny—ny Fampakarana dia ho tahaka an'izany. Hifankahita isika, ary hahita azy ireo isika. Ny sisa amin'izao tontolo izao dia tsy hahita azy ireo. Halaina toy ny fandehanana miafina Izy. Miandry an'io fotoana io isika!

Avy eo dia miverina ety an-tany ho an'ilay Arivo taona be voninahitra, amin'izay fotoana izay ireo arivo taona . . . "Ny sisa amin'ireo maty dia tsy ho velona arivo taona."

62 Ary avy eo dia tonga ilay fitsanganana faobe, izay, ny Isiraely rehetra. Ary izao koa, jereo eo, ireo apostoly roa ambin'ny folo, ireo patriarka roa ambin'ny folo, dia voaseho daholo. Ary tsy mbola tonga eo amin'izany isika. Angamba, raha sitraky ny Tompo, dia ho tonga eo amin'izany isika ao amin'ny Testamenta, hoe ahoana ireo rindrina jaspy, sy ireo vato roa ambin'ny folo, ireo vavahady roa ambin'ny folo, ireo fanorenana roa ambin'ny folo, izany rehetra izany dia voaseho. Eto izy ireo eo ambonin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo, ireo anjely iraka an'ireo andro ireo, hanao ny fitsarana an'ireo izay nandà ny hafany. Amena. Indro tonga izany ora lehibe izany. Hia.

63 Andro toy ny inona, fotoana toy ny inona no iainantsika! Toy ny ahoana no tokony handinihantsika tena, ry Fiangonana. Ankehitriny dia miresaka ny amin'ireo zavatra ho avy isika, ho avy izany. Ankehitriny, androany, dia ndao isika hiverina any aoriana eto dia hahita, handinika ny tenantsika dia hahita raha tena ao amin'ny Finoana tokoa isika.

64 Ankehitriny ndao isika hiresaka ny amin'ireo mpandresy vitsivitsy mandritry ny minitra vitsivitsy, tao amin'ny andron'i Noa, izay tandindon'i Jesosy Kristy, raha oharina amin'izao andro izao.

Natao haka folo minitra aho. Ankehitriny dia ho antsasak'adiny aho. Vao avy nanomboka fotsiny aho, ny pejy voalohany. Handingana vitsivitsy amin'izy ireo aho, raha vitako. Ary hanao an'izay . . .

65 Tamin'ny andron'i Noa, tandindon'izao andro izao: nanondro an'izany Jesosy, ka nanao hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona. Tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Mariho, nisy an'ilay izao tontolo rehetra izao talohan'ny safo-drano, angamba olona an-tapitrisany, fa nisy valo no mpandresy. Olona valo no nandresy, tena nisy izany, mpandresy tena izy. Nisy an'ireo zanakalahy telo an'i Noa sy ireo vadiny, ary Noa sy ny vadiny. Valo no nandresy, izay niditra tao amin'ilay sambo fiara tamin'ny fotoana nahamety. Ahoana no nanaovan'izy ireo azy? Nihaino ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Tsy nijanona tany ivelan'ny varavarana izy ireo. Nijanona tao anatin'ny varavarana izy ireo.

66 Oh, ry sakaiza malalako, aza avela hikatona io varavarana io. Hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'izany andro izany, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." (Misaotra anao, rahalahy.) "Ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Ankehitriny, dia misy olona hijanona any ivelan'io varavarana io.

Maro amin'izy ireo no mety nanana fikasana tsara, dia hoe, "Indray andro any, raha miseho ny zavatra toy izany, dia hiditra miaraka amin'i Rahalahy Noa izahay, satria izy dia olona mahafinaritra anankiray." Saingy, hitanareo, valo fotsiny no nijanona tao anatiny.

67 Ankehitriny, eritrereto tsara ankehitriny. Raha mipetraka manodidina any ianareo, miha-mihena, dia midira. Malakia, haingàna, satria mety hikatona amin'ny fotoana rehetra ilay varavarana.

68 Ary nisy sambo fiara anankiray foana tao amin'ny fananan'Andriamanitra. Nisy sambo fiara anankiray tamin'ny andron'i Noa, ho famonjena ny Olony. Nisy sambo fiara anankiray tamin'ny andron'ny lalàna, sambo fiaran'ny vavolombelona. Tamin'ny andron'ny lalàna, dia nanaraka an'ilay sambo fiara izy ireo.

Ary misy ny fizarana fahatelo ankehitriny; tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, andron'i Lota, ary ankehitriny dia izao andro izao. Misy sambo fiara anankiray ankehitriny. Ary io sambo fiara io dia tsy anaram-piangonana iray, na ireo asa soa izay ataonareo. Izany dia "tamin'ny Fanahy iray," Romana 8:1, "no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Tena iray, ao amin'ny tanin'io Fanjakana io, batisa Ara-panahy iray." Tsy mampaninona na tsara toy ny inona, ratsy toy ny inona, na inona koa, fa ao amin'io Fanjakana io ianareo amin'ny

alàlan'ny—amin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina. Hitanareo? Izany ihany no fomba tokana handresenareo. Izany dia izay rehetra eo ambanin'ilay Rà nararaka no mpandresy, satria tsy afaka mandresy ianareo, ny tenanareo. Izany dia Izy no mandresy ho anareo. Ianareo miala sasatra.

69 "Ahoana àry no hahafantarako, Rahalahy Branham, fa Ao aho?" Diniho hoe karazana fiainana inona no iainanareo. Mijere manodidina fotsiny. Jereo raha miaina tsotra fotsiny ianareo, mandeha ho azy. Na, tsy maintsy miezaka mafy ianareo ary misintona, hitanareo, izay vao mahavita an'ilay izy ianareo. Fa aza manandrana manao an'ilay izy. Efa mba nanandrana ve ianareo? Hia. Aza manandrana.

70 Toy ny mampiditra sandrin-jazakely anankiray ao anatin'ny tànan'akanjo iray fotsiny, hitanareo. Mampakatra fotsiny izy, mampidina, manatsoaka, sy ny sisa hafa rehetra. Hitanareo? Tsy vitany ilay izy. "Anaovy ny akanjonao, malala." Tsy vitany ilay izy. Miakatra ilay sandry kely, midina, mihodina. Mila ny tànanareo matanjaka ilay izy.

Oh, toy ny inona ny hafaliako, afaka manolotra ny tànako fotsiny amin'ny Ray aho, manao hoe, "Tompo Jesosy, tsy vitako ny mampiditra Ao. Manampia ahy Ianao. Ampanaovy ahy ilay akanjo." Hitsahatra ny hanandrana aho. Avelao fotsiny Izy no hanao azy. Hitanareo?

71 Raha manohy manandrana ilay zazakely, "Oh, vitako ilay izy. Vitako ilay izy." Dia ho any rehetra any fotsiny izy. Tsy vitany ilay izy.

Na ianareo koa aza tsy mahavita, na izaho koa aza tsy mahavita, fa raha hipetraka tsara fotsiny isika ka mamela Azy hanao an'ilay izy. Atolory Azy fotsiny hoe, "Inty, Tompo, inty aho. Izao—izao fotsiny avelao aho ho tsinontsinona. Izaho—izaho dia manolotra. Ianao no hampiditra ny tànako ao amin'ilay toerana marina." Izany no fandresena. Izany no mandresy.

72 Ny zavatra izay tsy maintsy resenareo dia ny tenanareo, ny hevitrareo, ny zavatrareo, ka manolotra ny tenanareo ho Azy. Izy no mandresy ho anareo. Izy no mahafantatra ny làlana; isika tsy mahafantatra.

73 Fa tamin'ny andron'i Noa dia nisy mpandresy valo, ary izany no tafiditra. Nijanona tao anatiny izy ireo.

Ankehitriny jereo, ry sakaiza. Mino aho fa mandray feo an'izao izy ireo. Ary rehefa mandeha amin'ny televiziona izany, na tsy tel-. . . mamelà ahy, ny horonam-peo. Na inona na inona ataonareo, izay mihaino ankehitriny, na izay hihaino rehefa avy eo, efa tena tara ny ora, ka tokony hanana fikasana tsara ianareo, saingy aoka hijanona ao anatiny. Ankehitriny, aza miezaka mafy. "Tsy ho an'izay

maniry, na izay mihazakazaka, fa Andriamanitra." Avelao fotsiny Andriamanitra. Atolory ho Azy fotsiny ny tenanareo ary mandrosoa, miaraka amin'ny finoana tanteraka, afa-po, dia ny, "Izay nampanantenain'Andriamanitra dia Hainy tanterahina." Tsy ny mikambana amin'ny anaram-piangonana anankiray, anaram-piangonana iray hafa, manenjika an'*ity, itsy,* na ny *hafa*, manandrana an'*ity*. Atolory an'Andriamanitra fotsiny ny tenanareo, dia mandehana miaraka Aminy, feno fiadanana, milamina, tsy miato. Manohiza fotsiny mandroso miaraka Aminy. Marina izany.

74 Izany no nolazaiko tamin'ny rahalahintsika izay vao tratry ny—ny fikorontanan-tsaina. Hitanareo? "Atolory Azy fotsiny. Eto Izy, Izy Izay nahafantatra an'izay nataonareo, sy nahatonga ny fisianareo sy nanao an'*ity* fomba ity, sy io rehetra io. Fantany ny momba anareo rehetra, ary ankehitriny dia vao avy niteny taminareo mihitsy indray Izy izay tokony hatao. Ankehitriny," hoy aho hoe, "ny zavatra tokana tokony hataonareo dia mandeha fotsiny manao an'ilay izy. Izany hoe, adinoy ny momba ny lasa rehetra, mandehana, miainà ho an'ny ho avy, ao amin'ny Voninahitra sy ny Fanatrehan'Andriamanitra."

Mpandresy valo.

75 Tamin'ny andron'i Daniela, dia nisy mpandresy efatra izay afaka nahatanty an'ilay fitsapan'ny afo sy ny liona.

Ankehitriny, miandry ny ho tsapaina isika. Izany no lesona tsara anankiray ho an'ny—ny rahalahiko iry aoriana iry, ihany koa. "Izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy tsapaina aloha." Tsapaina (amin'ny inona?) amin'ny Teny. Izany no fitsapan'Andriamanitra. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy tsapaina." Izany ihany no maneho ny tena zanaka anankiray, noho izany, hitanareo, tsapaina. Ary rehefa tonga ny fitsapana . . . Tsy afaka mandresy ianareo raha tsy misy fitsapana anankiray nomena anareo. Ary rehefa nomena ny fitsapana, izany dia mba hahitana na afaka mandresy ianareo na tsia. Ary hoy Jesosy hoe, "Ho an'izay mandresy," an'ilay fitsapana. Ny fitsapana no zavatra lehibe indrindra izay hany mitranga eo aminareo. Mino aho fa voasoratra ao amin'ny Soratra izany, Petera no nilaza, hoe, "Ny fizahan-toetranay dia mihoatra lavitra noho ny volamena sarobidy aminay." Andro fitsapana izao. Izany no porofo tokana tsara ho antsika fa hoe miaraka amintsika Andriamanitra, rehefa tsapaina isika, satria ny zanak'Andriamanitra rehetra dia tsapaina sy zahan-toetra.

76 Ary Daniela, lehilahy iray, mpaminany iray; Sadraka; Mesaka; ary Abednego; Daniela no mpaminany; ary izany no halehiben'ilay Fiangonana tamin'izany andro izany, ny tiako

ho lazaina, dia ilay Ampakarina. Nisy fiangonana marobe tany, teo amin'ny roa tapitrisa tamin'izy ireo no nandeha tao. Saingy nisy . . . Izany no halehiben'ilay mpandresy. Ary ireo mpandresy ireo dia natao tao amin'ny fitsapana. Ary ny mpandresy rehetra dia tsy maintsy atao ao amin'ny fitsapana. Ary rehefa hoy izy ireo hoe, "Avelao any izay lazain'ny Teny, fa raha tsy izany dia hatsipy ao anaty lafaoro afo ianareo," nolavin'izy ireo ny zavatra rehetra afa-tsy ny Teny.

77 Ary rehefa nomena fitsapana iray i Daniela, mba hamelany izay nolazain'ny Teny, dia tsy maintsy miondrika manandrify ny tempoly izy ireo, araka ny fivavak'i Solomona, dia hanafaka azy ireo amin'ny zavatra rehetra Izy. Hihaino avy any An-danitra Andriamanitra raha hipetraka izy ireo . . . hijery manandrify ny tempoly ka hivavaka. Dia hoy izy ireo, "Raha misy olona mivavaka mandritr'ireo andro ireo . . . Fa izahay dia Mediana sy Persiana, izay tsy afaka manova na manolo ny lalànay. Hatsipy ao an-davaky ny liona izany olona izany."

78 Nametraka fandrika ho azy izy ireo. Mino aho fa fantatr'io mpaminany io izany. Saingy nametraka fandrika ho azy izy ireo. Nandeha am-panetre-tena izy. Rehefa tonga ny fotoana hivavahany . . . Dia, fantany, fa tao amin'ilay toerana mety any Jerosalema, dia nisy fanatitra dorana iray eo ambonin'ny alitara. Tsy natahotra an'ireo mpitsikilo ireo i Daniela. Ningainy ireo lambam-baravarankely, natosiny tany aoriana ireo kopaka makarakara, dia nandohalika izy, ary natsangany tamin'Andriamanitra ny tànany dia nivavaka izy. Nahoana? Na velona na maty, dia nahazo ny fandresena izy. Ary, noho izany, dia fandresena betsaka tokoa hany ka tsy afaka nihinana azy ireo liona. Izy—izy no nandresy.

79 Ny . . . Sadraka, Mesaka, Abednego no nahazo fandresena betsaka hany ka na ny liona aza . . . hany ka tsy afaka nandoro azy ireo ilay afo. Fantatrareo, ny fandresena dia zavatra anankiray sarotra doroana, na hanina, na zavatra hafa. Hitanareo? Noho izany, izy ireo, izy ireo no nahazo an'izany.

80 Afaka milaza toetra hafa anankiray aho. Tamin'ny andron'i Lota, nanondro an'izany Jesosy, dia telo fotsiny ihany no nandresy, Lota sy ireo zanany vavy anankiroa. Tsy ny vadiny akory aza; tsy nandresy. Izy—izy dia nanomboka. Tandindona anankiray izy. Maniry ny hanana fotoana aho. Tapitra ireo telopolo minitrako ankehitriny. Hitanareo? Hitanareo? Izy, izy dia nanao tsara tokoa, nivoaka izy.

81 Ankehitriny dia tsy maintsy manome anareo an'ity aho, fotoana vitsy monja. Maro aminareo no nivoaka, ihany koa. Maro aminareo no nandao an'ireo zavatra ireo, mba handray ny toeranareo, rehefa avy nikaroka Azy tao amin'ny Soratra ka nahita fa marina Izany. Nahita ny fanamarinan'Andriamanitra Tsitoha ianareo; tsy tamin'ny alàlan'ny sasany, izay *lazain'*ny olona hoe fanamarinana. Izay nolazain'ny Baiboly fa ho

izy, ary indro Izy fa manao an'izany. Hitanareo fa Izany no Fahamarinana. Noho izany, dia nivoaka ianareo, mba handao an'i Sodoma, handao an'ilay anaram-piangonana, handao an'ireo zavatra izay namatotra anareo tao amin'ny fanekempinoana anankiray; ary mba hanaraka an'i Kristy, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina manamarina ny Tenany tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra voasoratra. Amin'ny teny hafa, dia ny Baiboly no noraisinareo raha tokony ho ny fanekempinoana. Nivoaka ianareo, mba hanaraka.

82 Eny, nanao an'izany zavatra mitovy izany koa ny vadin'i Lota, fantatrareo. Nivoaka izy, mba handeha hiaraka amin'i Lota, hanaraka ny vadiny, ireo zanany, ireo malalany, saingy tsy tao am-pony ilay Izy. Mbola tia an'izao tontolo izao izy. Noho izany dia mety ho nanao fanombohana iray ianareo, nefa mbola ao anatinareo foana izao tontolo izao. Hitanareo? Tsy nandresy mihitsy izy. Ary na dia tsara aza izy teny an-dàlana, dia namotraka azy ilay izy tamin'ny farany. Tsy maintsy nanao an'ilay fijery farany anankiray, lehibe, naharitra izy. Teo no nahatratra azy. Aza mijery any aoriana akory mihitsy. Aza manana faniriana akory. Manohiza mandeha. Apetraho eny Kalvary ny fisainanareo ary manohiza mandroso mankeo amin'i Kristy. Hitanareo?

83 Nanomboka nivoaka izy, toy ny mpandresy anankiray, saingy tsy nandresy mihitsy izy. Oh, nandao an'ilay anaram-piangonana izy. Nandao izy. Nivoaka avy tao Sodoma izy, niaraka tamin'i Lota. Saingy te-hiverina izy ka hanapaka ny volony. Fantatrareo izay tiako ho lazaina. Hitanareo? Tsy maintsy niverina izy. Tsy nahatanty mihitsy an'ilay—ilay fitsapana izy. Tsy maintsy nijery tany aoriana indray izy, mba hijery an'izay nataon'ireo sisa tamin'izy ireo. "Oh, fantatrareo, nanana sakaiza tsara aho tao, na izany aza. Ary, na izany aza, ity dia mety ho fifindrana—fifindrana kely fotsiny ihany. Tsy fantatro na mety ho marina ilay izy na tsia. Izaho—izaho dia nandray fotsiny ny tenin'ity lehilahy ity mikasika an'ilay izy, vadiko ihany anefa izy na izany aza. Nefa kosa . . . " Ny pasiteranareo no vadinareo, amin'ny ara-panahy, hitanareo. "Ankehitriny, na mety ho marina ilay izy na tsia, dia tsy fantatro. Angamba izy, tsy marina ilay fanambarany."

Noho izany, raha tsy tena afa-po tanteraka ianareo, dia tsy fantatrareo tanteraka fa Tenin'Andriamanitra Izany, amin'izay fotoana izay—amin'izay fotoana izay dia tsy afaka handeha ianareo. Hitanareo? Tsy maintsy tena namidy ianareo. Tsy maintsy mahafantatra ianareo. Tsy miteny fotsiny hoe, "Eny, mahita ny sasany manao an'ilay izy aho. Mahita famantarana anankiray aho."

84 Fantatrareo, nanomboka nivoaka Isiraely, afaka miteny an'ilay zavatra mitovy aho ka mitondra an'izany eto amin'ity.

Nanomboka nivoaka izy ireo, roa tapitrisa matanjaka, nefa niafara tamin'ny lehilahy anankiroa. Marina. Nahita an'ireo asan'Andriamanitra izy ireo. Nahita ny fanehoan'ny Fanahy izy ireo. Izy ireo dia nahita an'ireo fahagagana lehibe, mahery izay natao tany Egypta, sy ny sisa, ary nanomboka nivoaka. Saingy ilay izy—ilay izy dia tsy tao am-pon'izy ireo. Tsy nandresy izy ireo. Nivoaka fotsiny izy ireo. Ary hoy Jesosy hoe, "Fa maty tany an-efitra izy ireo," ary maty Mandrakizay. "Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia maty," fisarahana Mandrakizay no dikan'izany. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia lo tany an-efitra.

85 Saingy nisy lehilahy anankiroa kosa, Josoa sy Kaleba. Ary rehefa tonga teo amin'ilay fanehoan-kery ilay izy, dia lehibe loatra ireo sakana hany ka toy ny tsingetana izy ireo teo anilan'izy ireo. Niantsoantso mafy i Josoa niaraka tamin'i Kaleba, ka nanao hoe, "Mahery lavitra isika mba hanao an'ilay izy." Nahoana? "Andriamanitra no niteny an'izany." Ary izy ireo no mpandresy. Nandresy izy ireo. Izy ireo no hany nahazo tombontsoa, avy tao amin'io rafi-pandaminana lehibe rehetra an'ny olona, mba hampiditra an'ilay Ampakarina tena izy, voafidy ao amin'ilay tany nampanantenaina. Josoa sy Kaleba tao amin'ilay lohan'ny laharana tany, toy ny jeneraly anankiroa, no nitarika azy ireo nidina tao amin'ilay renirano, ary niampita an'ilay renirano, nankao amin'ilay tany nampanantenaina. Nahoana? Nino ny Teny izy ireo, tsy mampaninona izany.

86 Avy eo, dia nitsangana i Datana. Datana, raha ny marina, no nitsangana, ary toy izany koa i Kora, ary niezaka izy ireo mba hilaza hoe, "Io lehilahy io dia manao ny tenany ho ambony amin'ny sisa rehetra amintsika; izy no masina noho ny sisa tamin'izy ireo." Taorian'ny nanamarinan'Andriamanitra marina an'ilay lehilahy. Hoy izy ireo hoe, "Hanomboka andian'olona anankiray isika ary isika dia hanao an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*, ary hanao ny rafi-pandaminantsika isika, isika dia hanao . . . " Ary dia maty sy levona izy ireo.

Saingy ireto lehilahy ireto kosa dia nahazo an'io Tenin'ny Tompo io, na nijanona tamin'Izany, ary niampita izy ireo.

"Tsy izay manomboka; fa izay mahavita." Maro no manomboka an'ilay fihazakazahana, fa Iray ihany no mahavita azy. Fiangonana maro no hanomboka, vondron'olona maro. Vondrona iray ihany no hahavita. Izany no mpandresy.

87 Tamin'ny andron'i Lota, eny, tsy maintsy nanana an'io fijery aoriana lehibe, maharitra io izy. "Oh, handao an-d*Ranona-sy-ranona* any aho, ireo fotoana tsara izay nanananay taloha. Tsy ho hadinoko mihitsy izany." Dia tratra izy, voahidy tany ivelany, tahaka ny tamin'ny andron'i Noa. Voahidy tany ivelany izy, tsy nisy famindram-po, ary levona

izy. Ary—ary mbola mitsangana ao ilay vongana amin'izao fotoana izao. Izy ireo no milaza (izaho tsy mahafantatra) fa afaka manapaka silany amin'izany ianareo dia haniry indray ilay izy, andrin-tsira. Raha efa mba nahita an'ilay horonan-tsarin'i *Sodoma sy Gomora* ianareo, dia hahita an'ilay andry sira tany am-piandohana ianareo izay nitsangana tany.

88 Ankehitriny, dia misy fahasamihafana eo amin'ny andry sira sy Andry Afo. Hitanareo? Tsy maintsy mihodina amin'ny làlana anankiray ianareo. Hia.

89 Mariho, tamin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa. Tamin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa, dia enina no hita fa nandresy. Tamin'ny taona rehetra, dia nanana mpandresy izy ireo. Tamin'ny andron'i Jaona dia nanana enina izy ireo, izany dia Josefa sy Maria, Zakaria sy Elizabeta, Simeona sy Ana. Lehilahy iray sy vehivavy iray, lehilahy iray sy vehivavy iray, lehilahy iray sy vehivavy iray; hitanareo, tandindon'i Kristy, ny Fiangonana; Kristy, ny Fiangonana; Kristy, ny Fiangonana; Kristy, ny Fiangonana. Hitanareo? Hitanareo?

90 Mariho, nanomboka tamin'ny olona ara-nofo izany. Tsia, Mo-. . . Josefa, ilay lehilahy ara-nofo, Josefa, inona izy? Mpandrafitra iray. Avy eo dia ilay mpisorona, inona izy, hitanareo? Mpitoriteny iray tao amin'ny tranon'ny Tompo; Zakaria. Ary avy teo amin'io, hatreo amin'i Simeona, mpaminany iray sy mpaminanivavy iray. Hitanareo?. . .?. . . Fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina. Amena. Tsy hitanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tanteraka mihitsy. Enina no nandresy. Ny sisa rehetra tamin'izy ireo, nanolotra ny fanatiny sy ny sisa izy ireo, saingy ireo no Voafidy. Nandresy izy ireo.

91 Mariho ny taonan'ny fiangonana tsirairay. Ireo ihany no nandresy rehefa izy ireo, ny zanaka tsirairay avy ao amin'ny taonan'ny fiangonana tsirairay, nandresy ny fakam-panahy an'io taona io. Manana an'ireo Soratra aho eto. Tsy mihevitra aho fa tena manam-potoana isika hanaovana an'ilay izy, saingy fantatsika ny tsirairay avy amin'ireo taonan'ny fiangonana. Mitovy ankehitriny. Ilay izy dia mitovy amin'ny olona iray izay. . .

92 Hitanareo, tahaka an'izay nolazaiko tany am-piandohana hoe, ianareo dia teraka efa resy. Ary io fahaterahana io dia tsy hitondra anareo mihitsy eo amin'ny—ny Fiainana, satria teraka efa resy ianareo. Ary ao anatin'izao tontolo izao efa resy ianareo, eo anivon'ny olona efa resy, eo anivon'ireo fanekem-pinoana efa resy, anaram-piangonana efa resy. Tsy maintsy tonga eo amin'ny fandresena amin'ny fomba anankiray ianareo.

93 Ilay izy dia tahaka ny lisy anankiray fotsiny. Izay misy. . . Ny lisy anankiray, heveriko, dia iray amin'ireo voninkazo tsara

indrindra izay misy. Izaho tena tia an'ireny lisy lehibe an'ny calla sy ireny lisin-dobo ireny. Heveriko fa tsy misy zavatra saiky tsara indrindra ankoatry ny lisin-dobo lehibe anankiray, antsoina hoe lisin-drano. Mamiratra toy ny inona ilay izy! Ankehitriny, avy aiza izy io? Voa kely anankiray izy, ao amin'ny fanambanin'ny dobom-potaka, madity. Ary io voa kely io, anefa, ilay famirapiratana rehetra izay hany hanjelatra ao anatiny, dia ao anatiny mihitsy, tamin'izy tao anatin'io fotaka io. Fa tsy maintsy miady izy, isan'andro, eo am-pahafantarana fa misy zavatra anankiray ao. Mainty izy. Maloto izy. Madity izy. Feno rihitra izy. Ao anatin'io rihitra izay iainany io anefa, dia mbola mitady ny làlany avy ao amin'ilay fotaka izy, ilay dity, sy ireo rano, ary ireo toerana miandrona, mandra-pamoakany ny lohany any ambony, ao amin'ny hazavana, ka maneho an'izay niafina tao anatiny hatramin'izay.

94 Heveriko fa izany no mpandresy anankiray, izay, tao anatin'ny ota fahiny, nanao zavatra izay diso fahiny, ka tsy manahy ny amin'izany ankehitriny. Nanao zavatra izay diso fahiny, avy eo, ankehitriny nahoana no hiverina hijery indray any amin'ilay dobo? Hitanareo? Jereo, ianareo dia manana . . .

95 Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny Fifidianany mialoha, hitanareo, no nitondra an'io voa io ho amin'ny fiainana, ary namoaka ny tenany izy, hitanareo, tonga teo amin'ny hazavana. Ary ankehitriny, eo amin'ny tampon'izany, dia nandresy izy. Hitanareo? Tsy maneho ny tenany ao ambany *ao* izy. Miakatra izy, mba haneho ny tenany.

Na ianareo koa aza, tao anatin'ny—ny otanareo, sy ny fijangajangana, sy ny sisa izay niainanareo. Tsy naneho na inona na inona ianareo. Saingy nisy voa iray tao anatiny tao, ary nanana anjara ny haneho ny tenany tao amin'ny Hazavana izany. Ary ankehitriny dia ao amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy ianareo, miaraka amin'ilay Hazavan'ny Zanaka. Izany no namoaka an'izay naha-izy anareo marina tany ampiandohana. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Nahita an'ilay Hazavana ianareo. Namony ianareo. Nametraka ny fonareo hisokatra ianareo, ary lisy anankiray ianareo ankehitriny.

96 Tsaroanareo ve ny toriteniko mikasika ny lisy? Revera Lisy, toy ny ahoana no niasany mafy. "Ary, kanefa, tsy mba mamoly izy. Ary kanefa, Solomona, tao amin'ny voninahiny rehetra, dia tsy mba nitafy tahaka ny anankiray tamin'izy ireo." Izy—izy—izy—izy—izy . . . Jereo izy. Izy dia vonona ny ha- . . . Tsy maka na inona na inona ho an'ny tenany izy. Ny lisy dia tsy miahy na inona na inona momba ny tenany. Inona no ataony? Izy—izy dia mamoaka ny hatsarany ety ivelany, ny fiainany, mba hahafahan'ny hafa hahita. Voaseho ety ivelany ny fiainany, mba hahafahan'ny hafa hahita ny voninahitra, izay ao anatiny, izay tao anatiny tao amin'io fotaka io. Ankehitriny dia eny an-tampony izy.

Izany no mpandresy. Nandresy ny fotaka izy. Nandresy an'ireo zavatr'izao tontolo izao izy. Ary ankehitriny dia manolotra malalaka ny tenany izy. Ny olona rehetra dia afaka mijery azy. Ny fiainany, tsy afaka mametraka ny fanondronareo eo aminy ianareo. Hitanareo? Tena mpandresy anankiray izy. Tsy afaka miteny na inona na inona mikasika azy ianareo ankehitriny. Hoy ianareo, "Nivoaka avy tao anaty fotaka izy." Saingy tsy ao anaty fotaka izy ankehitriny. Eo an-tampon'izany izy. Amena. Tsy afaka manondro azy tamin'izay naha-izy azy taloha ianareo. Inona izy ankehitriny? Eo an-tampony izy.

97 Avy eo dia mandalo eo ireo tantely ka manao hoe, "Fofo-manitra tena tsara izany. Mino aho fa handeha aho ary haka ny anjarako."

98 Manokatra ny fony fotsiny izy hoe, "Avia ankehitriny. Eny àry." Ny zavatra rehetra dia maka avy eo aminy. Hitanareo? Izy, izy no tena pasitera. Maneho ny Voninahitr'Andriamanitra izy. Ary jereo hoe avy taiza izy. Tsy maintsy nandresy izy, mba hahavitana an'izany.

99 Indray mandeha, izy na izy dia tanora sy kanto, tsara tarehy. Nanana fakam-panahy marobe nandalovana izy ireo, saingy nandresy an'izany izy ireo. Hitanareo? Nandresy izy ireo. Ankehitriny dia maneho an'ilay tena fahatsaran'i Kristy eo amin'ny fiainany izy ireo. Mariho, maneho, avy tao amin'ilay fotaka.

100 Nanome ohatra ho antsika Jesosy, hoe ahoana no hanaovana azy. Ankehitriny dia tiantsika ny hahafantatra hoe ahoana no handresena. Niteny tamintsika Jesosy hoe ahoana no hanaovana azy. Hitanareo? Fanetre-tena! Namehy ny Tenany izy, naka lamba famaohana anankiray, ary nanasa ny tongotr'ireo mpianatra ary namafa azy ireo. Ilay tena Andriamanitry ny Lanitra no nanetry ny Tenany.

101 Isika tsy tia ny ho voaetry. Izany no antony tsy itiavan'ny vehivavy ny volony haniry; ny antony tsy itiavan'izy ireo hitafy an'izay tokony ho tafian'ireo ramatoa. Toy izany koa, no tsy itiavan'ireo lehilahy an'izany, hitanareo, mitovy ilay izy. Tsy tia izy ireo. Izy ireo, izy ireo dia nanetry tena.

Saingy, Jesosy, dia tsy an-kijanona! Jereo hoe Iza Izy. Ny halehibeazana! Hilaza zavatra anankiray aho. Ny halehibeazana dia manetry ny tenany. Ny *lehibe* dia manetry ny tenany. Halehibeazana!

102 Nahazo tombony aho nanana, nihaona tamin'ny lehilahy lehibe maromaro. Ary izany dia ireo olona izay manova akanjo, nefa dimampolo cents no any am-paosiny, dia akorintsana, izany ilay olona izay mihevitra fa izy dia zavatra anankiray nefa tsinontsinona akory izy. Fa nitsangana teo anilan'ireo lehilahy lehibe aho, ny tiako lazaina dia ireo

lehilahy lehibe miaraka amin'ny tànan'akanjo rovidrovitra, lohatànan'akanjo. Izy ireo dia manao anareo hihevitra fa ianareo no olona lehibe. Hitanareo?

Ny halehibeazana dia fanetre-tena. Aza adino izany, ry Fiangonana. Ny halehibeazana dia voaseho ao anatin'ny fanetre-tena, fa tsy hoe mety ho tsara toy ny inona ianareo.

Tsy hoe maloto no tiako ho lazaina, ankehitriny. Izaho—izaho dia te-hilaza hoe manetry tena ao amin'ny fanahy. Hitanareo? Izaho dia tsy milaza mihitsy hoe mandehana—mandehana mivoaka dia. . .Mandehana misasa dia midiova. Izany, tsy maintsy ataonareo izany. Fantatrareo izany. Hitanareo?

Fa miresaka mikasika ny fanetre-tena aho, fanetre-tena tena izy, fa tsy zavatra napetapetaka. Zavatra izay misy, izany no tena fanetre-tena.

103 Jesosy no nilaza tamintsika hoe ahoana no fanaovana azy. Nandresy Izy. Ny dikany. . .*Mandresy* dia midika hoe "mahatanty ny fitsapana," marina izany, tahaka ny nataon'ireo masina rehetra fahiny; tahaka ny nataon'i Jesosy: teo afovoan'ireo Fahavalony rehetra, dia nahatanty ny fitsapana Izy. Ny zavatra rehetra nitsapana Azy, dia nahatanty an'izany Izy. Tena teo anoloan'ilay aretina mihitsy, ary Izy amin'ny maha-Mesia, no Nanasitranany azy ireo. Teo anoloan'ny fahafatesana, no Namerenany azy tamin'ny fiainana. Teo anoloan'ny Kalvary, Ilay Fahafatesany Manokana, no Nahareseny an'ilay izy tamin'ny alàlan'ny fanolorany ny Tenany. Nahoana? Tamin'ny alàlan'ny Teny. Hoy Izy, "Ravao ity Tempoly ity, fa Izaho no hanangana azy afaka telo andro." Ny Teny no nilaza an'izany. Hitanareo? Ary teo amin'ny fanatrehan'ny fahafatesana, no Nahareseny azy. Nandresy ny fahafatesana Izy. Teo amin'ny fanatrehan'ny helo, no Nahareseny ny helo ary nandresy ny helo. Eny. Teo amin'ny fanatrehan'ilay fasana, no Nandreseny ny fasana. Nahoana? Ny rehetra dia tamin'ny alàlan'ny Teny, sy ny fanetre-tena. Oh, oadray! Izany no tena Lehilahy. Izany no Anankiray hakanareo ohatra. Hitanareo? Naharesy ny zavatra rehetra Izy, nandresy azy.

104 Jereo. Natao Taminy ny fakam-panahy. Fantatrareo ve izany? Hoy ny Baiboly hoe, "Nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika Izy, kanefa tsy nanota." Nalaim-panahy tamin'ny—tamin'ny fisotroana Izy. Nalaim-panahy tamin'ny vehivavy Izy. Nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra izay azo alaim-panahy Izy. Nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika Izy. Lehilahy anankiray Izy, kanefa tsy afaka nametraka marika iray teo Aminy ianareo. Eny, tompoko.

105 *Mandresy* dia midika hoe "mahafantatra ny devoly amin'ny tsirairay avy amin'ireo fitany." Olona maro no manao hoe, "Tsy misy ny devoly. Eritreritra iray fotsiny izany." Aza mino

an'izany ianareo. Tena misy ny devoly. Tena misy mihitsy tahaka anareo sy na iza na iza izy. Devoly iray tena misy, ary tsy maintsy mahalala azy ho tena misy ianareo. Tsy maintsy mahafantatra ianareo fa devoly izy. Amin'izay fotoana izay, amin'ny fotoana izay ianareo—ianareo no mahalala azy, ka mahafantatra fa devoly izy ary manohitra anareo izy, amin'izay fotoana izay, mba handresena, dia tsy maintsy mahalala ianareo fa ilay Andriamanitra ao anatinareo dia lehibe lavitra sy mahery lavitra noho izy, ka ilay Anankiray izay ao anatinareo no efa nandresy azy. Ary, noho ny Fahasoavany, dia ianareo no mihoatra lavitra noho ny ady iray ho azy. Amena. Misy ny tena fandresena, rehefa mahalala ianareo.

106 Mijery any aoriana ianareo, manao hoe, "Hanao an'*ity* aho ary hanao an'*itsy* aho," amin'izay fotoana izay, tsia, ianareo—ianareo, resy ianareo.

"Fa tsy misy fanamelohana ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy." Avy eo dia fantatrareo fa nandresy ianareo.

Ary fantatrareo fa devoly izy. Tsy afaka milaza ianareo hoe, "Tratry ny aretina aho, ary izaho—izaho—izaho—izaho dia tsy mino fa aretina izany." Oh, eny, aretina ilay izy. Tratry ny homamiadana ianareo, ianareo "dia tsy mino fa homamiadana ilay izy." Homamiadana ilay izy. Homamiadana ilay izy.

Saingy, tsarovy, "Lehibe lavitra Izay ao anatinareo noho izay ao amin'izao tontolo izao." Tsy maintsy mahafantatra ianareo fa ilay Fanahy Masina izay ao anatinareo no efa nandresy an'io zavatra io. Ary ao anatinareo Izy, ary afaka mandresy ianareo noho ny Aminy. Tena marina tokoa izany, ilay fomba tena nanoratana ny Soratra tokoa. Mandresy!

Tsy maintsy haingana aho. Dimy amby efapolo minitra izay no vitako ankehitriny. Tena manenjika fotoana tokoa aho ankehitriny.

107 Mariho, mandresy! Ilay Andriamanitra izay ao anatinareo dia lehibe lavitra noho ilay anankiray izay ao anatiny. Ilay andriamanitr'izao tontolo izao dia tsy lehibe noho ilay Andriamanitry ny Lanitra, izay ao anatinareo, tsy misy aizina afaka mitsangana eo amin'ny fanatrehan'ny hazavana.

108 Ankehitriny, ny aizina dia tsy afaka mitsangana eo amin'ny fanatrehan'ny hazavana. Tsy ahoako na maizina toy ny inona aza ilay izy, ny hazavana no handroaka azy. Tsy mahatanty izy. Voninahitra! Fa alaivo izay aizina betsaka indrindra tianareo alaina, dia manandrama mitsangana manohitra ny hazavana indray mandeha, dia jereo izay mitranga.

Izany ilay Anankiray izay ao anatinareo, dia ny Hazavana. Ary ilay anankiray izay ao amin'izao tontolo izao dia aizina. Noho izany, ilay Hazavana no nanaporofo fa nandresy an'ilay

aizina, ary ny olona izay ao amin'i Kristy dia mahafantatra fa nandresy an'ireo zavatr'izao tontolo izao izy. Amena. Tsy manana famatorana intsony ho anareo izy, intsony mihitsy. Afaka ianareo. "Mandehana ao amin'ny Hazavana, tahaka Azy ao amin'ny Hazavana, ary ny Ràn'i Jesosy Kristy no manadio antsika amin'ny otantsika rehetra, ka manana fiombonana amin'ny hafa isika." Eo ianareo izao.

109 "Izay ao anatinareo dia mahery lavitra noho izay ao amin'izao tontolo izao." Ankehitriny, raha mijery any aoriana ianareo, dia voaheloka ianareo, amin'izay fotoana izay dia mbola ao amin'izao tontolo izao ianareo. Fa raha miaina any ambonin'izany ianareo, dia Izay ao anatinareo no nitarika anareo any ambonin'ilay aizina.

Tahaka an'ilay lisy, tany ambonin'ny aizin'ilay fotaka izy. Tany ambonin'ny aizin'ireo ranom-potaka izy. Tao amin'ny hazavana izy, nanome taratra an'ilay hatsarana izay napetraka tao aminy talohan'ny nandaozany an'ilay fotaka. Amena.

110 Ankehitriny izaho—izaho dia mahatsapa ho toy ny Kristiana iray mihiakiaka. Izay tao anatiny tao avy tamin'Andriamanitra, tany am-piandohana, dia izany no nanokatra ny làlany, nandresy. Izany no nandresy an'ilay akora. Izany no nandresy an'ilay fotaka. Izany no nandresy an'ilay rano. Izany no nandresy ny zavatra rehetra, ary mpandresy anankiray izy, ka nanome taratra ny hatsarana sy ny Voninahitr'Andriamanitra.

111 Izany no fomba ataon'ny mpino tsirairay. Izany no fomba nataon'i Noa. Izany no fomba nataon'i Lota. Izany ilay fomba. Jereo hoe loto toy ny inona no nisy azy. Izany no fomba nataon'i Mosesy. Izany no fomba nataon'i Josoa. Izany no fomba nataon'i Daniela. Izany no fomba nataon'i Sadraka, Mesaka. Izany no fomba nataon'i Jaona Mpanao-batisa; Zakaria, Elizabeta. Izany no fomba nataon'i Simeona, izany no fomba izay nataon'i Ana, ny tsirairay tamin'izy ireo. Nandresy ny fotaka izay teo amin'ny manodidina azy izy ireo sy nanarona azy ireo. Nampiakatra ny lohan'izy ireo tany ambonin'ilay zavatra, ary nampamirapiratra ny Voninahitr'Andriamanitra. Izany no ataon'ny tena Kristiana anankiray.

112 Tsarovy, Jesosy no naneho Taminy hoe ahoana no nahavitana an'ilay izy. Efapolo andron'ny fakam-panahy, nalaim-panahy mihoatra ny olona rehetra izay mety nalaim-panahy Izy, tao amin'ny fakam-panahy an'i Jesosy Kristy. Diniho. Izy no naneho tamintsika hoe ahoana no nahavitana an'ilay izy.

Ankehitriny dia hamarana aho, ao anatin'ny minitra vitsy fotsiny.

113 Jereo. Izy no naneho tamintsika hoe ahoana no nahavitana an'ilay izy. Ahoana no Nanaovany an'ilay izy? Tamin'ny

alàlan'ny Teny. Toy izany no Nanaovany an'ilay izy, satria Izy no Teny. Ary hoy Jesosy hoe, "Raha mitoetra ato Amiko ianareo, ka ny Teniko ao aminareo," miverina amin'ny Teny indray ianareo, ilay Tenin'ny fampanantenana. Inona ilay Tenin'ny fampanantenana ho an'ny Kristiana tsirairay? "Mahery lavitra Izay ao anatinareo noho izay ao amin'izao tontolo izao." Noho izany dia ahoana no handreseko? Tsy izaho, fa ilay Teny izay ao anatiko. Ny Teny dia Andriamanitra. Noho izany dia mandresy an'ireo zavatr'izao tontolo izao rehetra aho, satria izany ilay Teny ato anatiko. "Raha mitoetra ato Amiko ianareo, ny Teniko ao aminareo, dia angataho fotsiny izay tianareo." Manohiza fotsiny mitady làlana. Ho tonga eo amin'ilay tampony ianareo, tena azo antoka toy ny zavatra rehetra. Hitanareo? Tsy maintsy tonga eo amin'ilay tampony ianareo.

114 Ireo efapolo andron'ny Fakam-panahiny, tamin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra no Nandreseny. Tiako ny haneho zavatra anankiray eto mandritry ny minitra vitsy fotsiny. Nanao fanafihana telo lehibe teo Aminy i Satana tao amin'io fakam-panahy io. Diniho. Ao amin'ireo telo ireo foana ilay izy. Aza adino izany. Hitanareo? Nanao fanafihana telo lehibe izy, nanomboka tany amin'ny ambony indrindra ka hatramin'ny ambany indrindra. Nanandrana ny tsara indrindra izy mba handresena Azy. Saingy Izy no Teny. Amena. Inona no Nampiasainy? Ny Tenany, ilay Teny. Nanana famelezana telo lehibe na fanafihana teo Aminy i Satana, saingy Notoheriny tamin'ny Teny izany. Ny famelezana tsirairay, dia Vitany ny nanao an'ilay izy tamin'ny Teny. Diniho izany ankehitriny, nanomboka tany amin'ny ambony indrindra ka hatramin'ny ambany indrindra.

115 Ny voalohany izay nanaovany ny famelezany, dia ny hampiasana an'ilay Heriny lehibe. Fa, Fantany fa Izy no Teny. Fantany ny Toerany. Mino ve ianareo fa Fantany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Izaho no Zanak'olona." Fantany ny Toerany. Dia tonga i Satana ka nila Azy hampiasa ny Heriny Manokana eo amin'ny Tenany, mba hamahana Azy, te-hamahana ny Tenany. Noana Izy. Ny olona iray rehefa noana, dia saiky tsy afaka manao na inona na inona izy. Hangalatra izy, handroba, hangataka, hindrana, sy ny sisa. Hitanareo? Nanana an'io fanirian-kanina io Izy. Ary nampiasa ny fanafihany lehibe voalohany teo Aminy i Satana, mba handray ny Heriny izay nomena Azy mba handresy sy hampiasa an'ilay izy eo amin'ny Tenany. Tsy nampiasa an'izany teo amin'ny Tenany Izy. Tsia. Nampiasainy teo amin'ny hafa izany. Marina izany. Nampiasainy teo amin'ny hafa izany, fa tsy ny Tenany. Tsy ho Azy izany. Na dia, Azony natao aza izany. Tena Azony natao tokoa izany.

116 Saingy hitanareo ve hoe ahoana no ataon'ny devoly? Tian'ny devoly ianareo hifantoka aminy. Izy kosa dia nifantoka fotsiny tamin'izay nolazain'ny Ray fa hatao. Marina izany.

Hoy izy hoe, "Nahoana," hoy Satana hoe, "fa voasoratra hoe, 'Izy handidy ny Anjely . . . '"

117 Hoy Izy hoe, "Eny, saingy voasoratra hoe koa . . ." Hitanareo? Eo ianareo izao. Hitanareo? Fantany hoe Iza Izy. Satana dia nanao . . .

Ilay Fisainana dia lasa lalina kokoa noho izay nanoratana Azy. Hitanareo? Tsindrimandry izany. Any ivelan'Izany ilay voa, hitanareo, ilay tena maha-izy Azy.

118 Na dia Azony natao aza ilay izy, dia tsy Nataony ilay izy. Fa Izy—Izy dia tsy nihaino tsara an'ilay tolo-kevitr'i Satana mihitsy.

Ankehitriny, ity no zavatra tsara anankiray. Hitanareo? Indraindray dia afaka maka anareo Satana, ary rehefa mihevitra ianareo fa manao ny sitrapon'Andriamanitra, dia afaka manao tolo-kevitra iray ho anareo izy, ary dia ho lavo amin'izany ianareo. Eny, tompoko. Azo antoka fa vitany izany.

119 Ankehitriny dia ndao isika haka fotsiny, ohatra, tahaka an'ireo anabavintsika. Tsara tarehy izy ireo. Ary afaka mitondra anareo eo amin'ny toerana iray izy, hoe, hamela anareo hampaniry ny volonareo, nefa tsy fantatrareo. Toa tena tsara aminareo ilay izy, nefa, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia mahatsapa fihetseham-po kelin'ny fihamboana ianareo, ambony kely amin'ny zavatra hafa. Ny sasany aminareo lehilahy, dia fantatrareo izay tiako ho lazaina. Hitanareo? Ary azony alaina izany zavatra izany ka anolorany hevitra anareo izany. Marina izany. Tsy maintsy mandresy an'izany ianareo.

Tsarovy fotsiny, fa miaina ho an'Andriamanitra ianareo. Manana tanjona anankiray ianareo, ary Jesosy Kristy izany. Ny ankoatr'izany, dia tsy misy na inona na inona hafa mikaonty. Izy izany. Avy eo, faharoa, ho an'ny fianakavianareo. Avy eo, fahatelo, ho an'ny tenanareo. Fa, ny voalohany, dia ho an'Andriamanitra; manaraka, ho an'ny fianakavianareo; ary ny manaraka, ho anareo. Eo amin'ny isa fahatelo ianareo; izany ilay faran'ny làlana. Apetraho any amin'ny farany ny tenanareo; nanao an'izany Izy.

120 Jereo izay Azony natao. Hoy Izy, "Afaka hiantso ny Raiko Aho, hiresaka Aminy, dia handefa avy hatrany legionan'Anjely roa ambin'ny folo ho Ahy Izy." Nefa, ny anankiray amin'Ireo fotsiny dia afaka handrava an'izao tontolo izao. Hoy Izy, "Raha ity izao tontolo izao ity no Fanjakako, dia hiady ireo Ahy. Saingy ny Fanjakako dia avy any Ambony." Eo ianareo izao. Hitanareo? Azony natao izany, saingy tsy Nataony. Hitanareo? Na dia, Azony natao aza izany. Tsy nihaino mihitsy ny tolo-kevitr'i Satana Izy.

121 Ankehitriny, efa nandre ny olona ianareo manao hoe, “Raha—raha mino ianareo fa misy—misy ny mpanasitrana iray avy amin’Andriamanitra . . . Raha mpanasitrana iray avy amin’Andriamanitra ianao . . . Mandehana alaivo ilay mpanasitrana avy amin’Andriamanitra anareo. Manana lehilahy iray aho ity eto ity, marary. Te-hahita azy io manasitrana azy aho.” Hitanareo ve ilay devoly iray ihany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Miezaka hanolo-kevitra anareo izy. Miezaka ny hanao anareo hihaino azy izy raha tokony ho Andriamanitra. Saingy ny tena izy, ny mpanompon’Andriamanitra marina anankiray dia hihaino sy hijery an’izay lazain’ny Ray, aloha. Hitanareo?

122 Tahaka an’ilay zazakely Stadsklev, rehefa nalefan’izy ireo teto. Dia hoy Rtoa. Stadsklev hoe, “Ranadahy Branham, avy tany Alemaina aho no niantso.” Nisy tafika Amerikana anankiray teto, miaraka amin’ny iray amin’ireo fiaramanidiny haingam-pandeha nipetraka tao amin’ilay toerana, izay nitondra ahy nankany Alemaina sy niverina, tao anatin’ny iray andro. Mpitarika fivavahana iray izy. Ary ilay zazakely dia nandry teo, maty. Ary nikiakiaka ilay reny kely, hoy izy hoe, “Henoy!” Hoy izy, “Fantatro. Nitsangana teo mihitsy aho ary nahita an’ilay vehivavy nihazona an’ilay zazakely maty teny an-tsandriny, izay maty tamin’io maraina io. Hitako Ranadahy Branham nandeha teo mihitsy, nametra-tànana tamin’io zazakely maty io, ary tafaverina tamin’ny fiainana izy.” Hoy izy, “Ity ny zanako, Ranadahy Branham.” Tsy mbola nisy fahafatesana mihitsy tao amin’ny fianakaviany. Hitanareo? Ary ity zavatra kely ity dia narary ny maraina ka maty tamin’io tolakandro io.

Nitsangana nanodidina teo daholo izy rehetra, ary nanome faminaniana sy ny sisa hoe, “Hitsangana ilay zazakely,” sy ny rehetra tahaka an’izany.

123 Hoy aho hoe, “Eny, tena tsara tokoa izany, Ranabavy Stadsklev. Saingy avelao aho hahita izay lazain’ny Ray.”

Nandeha nankany anaty ala aho. Ary nivavaka. Niverina niditra; efa niantso indroa na intelo izy talohan’ny niverenako ny ampitso maraina. Tsy nisy na inona na inona.

Hoy ilay dokotera hoe, “Eny àry.” Hoy izy, “Raha izay no izy, raha manana finoana tahaka an’izany ianao, ramatoa, dia tsy hamela mihitsy an’ilay zazakely hivoaka ny hopitaly izahay. Avelao izy handry eto mihitsy. Mijanona ianao eto miaraka aminy. Mety tsara daholo izany.”

Lasa i Rahalahy Stadsklev ary nijery an’ilay komandin’ny tafika. Hoy izy ireo hoe, “Azo antoka. Hitondra azy izahay, ary hitondra azy hiverina.”

124 Ary nisy fiaramanidina iray nipetraka teo, niandry, mba haka ahy tamin’io maraina io sy hitondra hiverina ny

harivan'io, ho any Alemaina, ho any Heidelberg, Alemaina, ho an'ny fananganana an'io zaza io. Hoy aho hoe, "Azo antoka, fa azon'Andriamanitra atao izany, ndao isika hijery hoe inona no Sitrapony."

125 Avy eo dia nivoaka aho, nivavaka ny alina manontolo. Tsy nisy na inona na inona nitranga. Niverina ny ampitso maraina; tsy nisy na inona na inona nitranga. Dia niditra tao amin'ilay efitra aho. Tamin'izay fotoana izay mihitsy aho no nijery teo, ary nitsangana teo ilay Hazavana nihantona teo amin'ilay varavarana. Hoy Izy, "Aza mametraka ny tànanao eo amin'io. Aza manome tsiny an'io. Tànan'Andriamanitra io."

126 Azoko tao amin'ny telefona izy. Hoy aho hoe, "Ranabavy Stadsklev, aleveno ny zanakao. Tànan'ny Tompo io. Sitrapon'Andriamanitra io. Hisy zavatra hitranga amin'io zaza io any aoriana any. Avelao izy handeha fotsiny any amin'izay fantatr'Andriamanitra fa hisy azy. Tsy afaka mandeha mankany aminy ianao ankehitriny. Raha velona izy, dia ianao no tsy ho velona. Avelao ho tahaka an'izao fotsiny izy."

127 Nanoratra taratasy ilay mpitory teny Loterana malaza tao Alemaina ka nanao hoe, "Toy ny inona no ankasitrahako, fa, Rahalahy Branham dia niandry an'ilay fanapahan-kevitr'Andriamanitra mazava, talohan'ny nilazany zavatra iray."

Izay ilay izy. Mifikira amin'ny fanapahan-kevitr'Andriamanitra. Tsy mampaninona izay lazain'ny hafa, na inona ilay izy na inona, aza toloran'i Satana hevitra, mihitsy.

128 Raha hoy Satana hoe, "Ankehitriny, ny batisan'ny rano, ny anaran'ny 'Ray, Zanaka . . .'" Raha izay, na dia manolo-kevitra aza izy, dia avelao any izany. Hafa no nolazain'Andriamanitra. Raha hoy izy hoe, "Lehilahy tsara ianareo, ianareo tsy tokony ho . . . Vehivavy tsara ianareo, ianareo tsy tokony hanao . . ." Aza tolorany hevitra. Raha milaza zavatra hafa ny Teny, dia mijanona amin'ny Teny ianareo tsy mihevitra hoe inona ilay izy. Izany no ohatra nomen'i Jesosy anareo, ary izany ilay fanafihana lehibe, hitanareo, izay nataony Taminy.

129 Avy eo, ilay fanafihana faharoa. Handeha haingana aho. Toy ny hoe tena mandeha haingana be fotsiny ilay fotoana. Ny fanafihana lehibe manaraka dia, izay nataony Taminy, dia ny hahatonga Azy ho fampisehoana anankiray.

Ary toy ny ahoana no hahavoazan'izany an'ireo mpanompon'Andriamanitra, ny ho tonga fampisehoana anankiray, ny mampiseho hoe inona no mety ho vitanareo. "Voninahitra ho an'Andriamanitra! Haleloia! Mpanafaka aho! Izaho no *izao*." Hitanareo? Hitanareo?

130 "Miakara eto, eo amin'ny tampon'ny tempoly, ary mipetraha eto." Nalainy fanahy hanao an'izany Izy. Ankehitriny, tsarovy, fa nalainy fanahy hanao an'izany Izy,

sarotra. Hoy izy, "Ankehitriny, raha te-ho zavatra anankiray eo anatrehan'ny olona Ianao, dia mitsangana eto ambonin'ity tempoly ity, dia mitsambikina." Hitanareo? "Homeko Anao ny Soratra mikasika an'izany, satria voasoratra hoe, 'Izy no handidy ny Anjeliny hitondra Anao, fandrao, amin'ny fotoana rehetra, ho tafintohin'ny vato ny tongotra. Izy no hitondra Anao hiakatra.'" Manao Azy ho fampisehoana anankiray, haneho ny Fahefany.

131 Tsy misy mpanompon'Andriamanitra marina manao an'izany mihitsy. Raha mahita lehilahy iray misehoseho ianareo, mibontsina ny tratrany, sy ny rehetra tahaka an'izany, dia tsarovy fotsiny, misy zavatra tsy mety ao. Tsia. Tsy mila an'izany Andriamanitra. Nametraka ohatra Jesosy. Azony natao izany. Tena Azony natao tokoa izany, saingy tsy Nataony izany. Tsy mpanompon'Andriamanitra ny misehoseho, amin'ny tenany, ny miezaka maka ny herin'Andriamanitra ka maneho ny tenany ho ambonin'ny olon-kafa.

132 Tsaroanareo ve fa nanao an'izany i Mosesy? Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nomen'Andriamanitra hery izy hanao izay tiany hatao; nanao azy ho mpaminany iray. Nandeha teo amin'ilay Vatolampy izy, ary nikapoka an'ilay Vatolampy fanindroany indray. Nanohitra ny sitrapon'Andriamanitra izany.

Hoy Andriamanitra hoe, "Mitenena amin'io Vatolampy io. Aza kapohina indray izy. Manimba ny rehetra amin'ilay—ny rehetra amin'ilay—ilay tandindona eto ianareo. Ho kapohina indray mandeha fotsiny ihany ilay Vatolampy." Saingy niteny tamin'ny fahalemen'ilay Teny izy rehefa nanao an'izany; tsy ampy Izany. Hia. Ny Teny dia izay nandroso. Izany Vatolampy izany dia ny Teny. Hitanareo?

133 Izy, tamin'ny voalohany, dia nikapoka an'ilay Vatolampy ary nivoaka ny rano. Ary avy eo dia nangetaheta indray izy ireo. Hoy Izy hoe, "Ankehitriny miverena dia mitenena amin'ilay Vatolampy." Efa nokapohina indray mandeha Izy. Hitanareo?

"Ny tsi-fahampian'ilay Teny," Mosesy no nanambara an'izany. "Tsy marina ilay Teny; tsy maintsy nokapohina indray Izy."

134 Koa dia nandeha teo Mosesy ary nikapoka an'ilay Vatolampy tahaka an'izany, nanao hoe, "Mivoaha!" Tsy nivoaka ilay izy, dia nokapohiny indray izany, ary hoy izy, "Mivoaha! Mandidy anao aho mba hivoaka." Dia tonga ny rano.

135 Hoy Andriamanitra hoe, "Miakara eto. Avia eto. Nanome voninahitra ny tenanao ianao. Naka ny Heriko ianao; ka raha tokony hanamasina Ahy, dia nanamasina ny tenanao ianao. Ankehitriny dia tsy hiditra ao amin'ilay tany ianao. Diniho tsara, jereo hoe toy ny inona ilay izy; saingy, eto,

ho lasa hatreto fotsiny ianao." Oh, oadray! Tsy mbola nisy anankiray tahaka an'i Mosesy mihitsy hatramin'izay, fantatrareo. Tsia, tsia.

136 Rehefa tonga teo amin'izany fisehosehoana izany izy niaraka tamin'i Jesosy, dia hoy izy hoe, "Miakara eto amin'ny tempoly eto dia mitsambikina."

137 Hoy Izy hoe, "Voasoratra hoe," amena, "'Aza maka fanahy an'ny Tompo Andriamanitrao.'" Hitanareo? Notsenainy tamin'ny Teny izy, tao amin'izany, sy ny fanafihana lehibe rehetra.

138 Tsy misy mpanompo marina miezaka hampisehoseho ny tenany mihitsy, miaraka—miaraka amin'ny herin'Andriamanitra. Raha manao an'izany izy, dia resy avy hatrany izy amin'izay fotoana izay.

139 Ny fanafihana lehibe fahatelo, nafoin'i Satana natolotra ho Azy ity fanjakana ity. Nataony izany. Hoy Satana hoe, "Hitanao ve ireo fanjakan'izao tontolo izao ireo? Ahy ireo. Manao izay tiako atao amin'izy ireo aho. Hafoiko ho Anao izy ireo."

Saingy, tsarovy, niezaka ny hahazo Azy izy hamoy an'ilay izy tsy misy hazo fijaliana. Raha nanao an'izany Izy, dia ho very isika. Azony nalaina ilay fanjakana. Saingy Izy dia tsy maintsy manaraka an'ilay . . . Tsy maintsy miverina Izy. Nalaim-panahy hanao an'izany Izy, ankehitriny. Zavatra sarotra anankiray ny fahafatesana. Nalaim-panahy handray ny Fahalalahany Izy ka ho tonga Mpanjakan'ny tany, tsy misy hazo fijaliana. Saingy, raha nanao an'izany Izy, dia ho faty ireo Azy. Nanao am-pifaliana an'izany tolo-kevitra izany Taminy i Satana. Saingy hoy Izy hoe, "Mankanesa any Ivohoko, ry Satana." Tsy nanao an'izany Izy.

140 Tonga Izy ary niaritra, sy naka an'ilay làlana sarotra, mideza. Naka ny làlan'ny fanenjehana Izy. Naka ny làlan'ny fahafatesana Izy.

Isika ve, izao maraina izao, mba manaiky ny hanao, haka an'izany làlana izay Nalainy izany? Manaiky ny ho faty ve isika? Manaiky ny hanolotra ny tenantsika ho an'Andriamanitra ve isika, hahafoy an'izao tontolo izao rehetra sy ny sisa, mba hanompo Azy? Hitanareo?

141 Ankehitriny, tsy nety nanao an'izany Izy. An-tsitrapo no—no namoizana an'ilay izy, Satana izany, ho Azy. Saingy tsy nanao an'izany Izy. Na dia nalaim-panahy aza Jesosy, dia nandresy ho antsika Izy. Izy—Izy dia niaritra ny fakam-panahy rehetra ho ahy sy ho anareo. Hitanareo? Azony nalaina teo no ho eo izany. Saingy ho an'ny inona no Nakany an'ilay làlana hafa? Mba hahafahantsika ho tonga, miaraka Aminy. Ary raha toy izany no vidiny Naloany, dia ho kely toy ny ahoana moa isika raha tsy haka an'izany? Fa, tsarovy, fa tsy misy na inona na inona eto, na izany aza.

142 Raha velona zato taona ianareo, dia ho lasa inona ianareo? Ara-tsaina, ka ny sainareo dia lasa, mandringa tanteraka, ary antitra sy mangozohozo. Any amin'izany no handehananareo, ary izany no faran'ilay izy. Tongava ankehitriny, reseo ilay zavatra. Ahoana no anaovana an'ilay izy? Amin'ny alàlan'ny Teny. Izay lazain'ny Teny, dia ataovy izany. Mandehana manetry tena. Miainà eo anatrehan'i Jesosy.

143 Niaritra ny zavatra rehetra Izy ho ahy sy ianareo. Izy no ohatra ho antsika hoe ahoana no handresena ny taranaka ratsintsika, tahaka ny Nandreseny ny Taranaka ratsiny.

144 Tsarovy, rehefa tonga tety an-tany Izy, dia nisy tsy finoana betsaka mihitsy, na mihoatra, noho izay nisy isaky ny vanim-potoana. Tsy nanelingelina Azy akory izany na dia kely aza. Rehefa nantsoin'izy ireo hoe devoly Izy raha tokony ho Andriamanitra, rehefa nantsoin'izy ireo ho ny zavatra rehetra izay azo natao Izy, dia tsy nanelingelina Azy akory izany na dia kely aza. Nanana tanjona anankiray Izy: "Misaina an'ilay Ray. Mihazona an'ilay Teny." Ny Teny dia Andriamanitra. Nanana fisainana anankiray Izy.

145 Matetika isika dia alaim-panahy hiverina. Maro aminareo, no alaim-panahy hiverina any amin'ny anaram-piangonana, hiverina ka hanomboka indray, satria izao tontolo izao rehetra dia manao hoe, "Anaram-piangonana inona no misy anao? Fiangonana inona no ikambananao?" Alaim-panahy hanao an'izany isika; isika rehetra dia izany. Ireo anabavintsika dia alaim-panahy hiverina, hiverina dia hikambana amin'ny sasany amin'ireo fiangonana sisa, amin'ny sasany amin'ireo Assemblées, na ireo fiangonan'Andriamanitra, na ny sasany amin'izy ireny; ny ho Pentekotista foana, ka mamela ny volonareo ho tapaka, sy miakanjo saiky amin'izay fomba itiavanareo azy. Hitanareo? Alaim-panahy hanao an'izany ianareo, hiverina ary ho lasa malaza miaraka amin'ity taranaka ratsy izay iainantsika ity.

Nefa, izao no fahotana lehibe an'ny androntsika. Izany no fahotana lehibe eo anivon'ny vahoakantsika, fomban'izao tontolo izao, araka ny nolazain'ny Baiboly fa i Laodi-. . . Taonan'i Laodikia izany. Momba an'izao tontolo izao izy, "Manan-karena, tsy mila na inona na inona; nefa tsy mahafantatra fa mitanjaka izy, ory, mahantra, ary jamba." Izany ilay fahotan'ny androntsika. Rehefa renareo ny Tenin'Andriamanitra miantso hivoaka hanohitra an'izany, ka maka ilay làlana hafa ianareo, dia tsy malaza amin'izao tontolo izao ianareo. Alaim-panahy hiverina ianareo.

146 Fantatro. Hiteny amiko foana ianareo. Fantatro fa hiteny ianareo hoe, "Isan'andro izao." Fantatro fa reraka ianareo noho ny amiko mamerimberina an'ireo zavatra ireo. Reraka aho mahita anareo manao an'ilay izy, ihany koa, marina izany, io

ota izay ezahako lazaina aminareo io. Hoy ianareo, "Inona no amerimberenanao an'ilay izy?" Ajanony ny fanaovana an'ilay izy, àry. Miezaka mamonjy ny ainareo aho, amin'ny alàlan'ny Teny. Izaho dia reraka, ihany koa. Noho izany, dia mahitsia fotsiny. Fahotana izany, tsy tokony hatao. Eny, tompoko.

147 Tsy maintsy mandresy an'ireny zavatra ireny isika. Miandry ny halaim-panahy amin'ireny isika, izao tontolo izao. "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo, ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo ny fitiavana an'Andriamanitra," hoy Jesosy.

148 Ankehitriny dia hamarana mihitsy isika, ka hilaza an'izao. Misy valisoa iray ho an'ilay mpandresy.

149 Mamelà ahy hamaky zavatra anankiray aminareo eto. Avadiho ny Baibolinareo. Ndao isika hiverina ao amin'ny Apokalypsy, ny faha-3, ny toko faha-2. Diniho eto ankehitriny, ireo zavatra rehetra izay noresahako ireo, mandresy. Ankehitriny dia jereo fotsiny ny tenanareo dia hahita. Diniho eo amin'ilay fitaratra ara-panahy ny tenanareo, dia jereo raha nandresy ianareo.

150 Ankehitriny, ny hafatra voalohany, ho an'ilay—ilay anjelin'i Efesosy, tiako ianareo hihaino an'izay Nolazainy. Ary ny Apokalypsy, ny toko faha-2, ny andininy faha-7. Ity dia ho an'io taonan'ny fiangonana io, rehefa Nolazainy taminy ireo rehetra izay nataony, "Niala tamin'ny fitiavany voalohany." Andininy faha-7:

> *Izay* manan-*tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana; Ho an'izay* (ilay olona, fa tsy ilay fiangonana)*. . .Ho an'izay mandresy—mandresy dia* Izaho no *hamela azy hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo afovoan'ny paradisan'Andriamanitra.*

Hitanareo? Ireo mpandresy tao Efesosy.

151 Ankehitriny, ny manaraka dia Smyrna. Ankehitriny, ho an'ireo mpandresy tao amin'io, henointsika izao. Ankehitriny, ny andininy faha-11.

> Ho an'*izay—izay* manan-*tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana; Izay mandresy dia tsy hosimban'ny fahafatesana faharoa.*

Hitanareo? Nandresy an'izany izy ireo.

152 Ankehitriny, izany, ankehitriny dia jereo i Pergamosy, ho hitantsika izay navela ho an'ilay mpandresy, ao amin'ity. Hamaky ny andininy faha-17 isika, ho an'ilay fiangonana Pergamosy.

> *Izay* manan-*tsofina, . . .*

Izany, izany dia ilay isam-batan'olona, fa tsy ilay vondrona manontolo. Ilay isam-batan'olona, izany dia ny Ampakarina izay mivoaka, hitanareo, ilay Fiangonana.

Aoka izay manan-tsofina, *hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana; Ho an'izay mandresy dia* Izaho no *hamela azy hihinana avy amin'ny mana miafina, sy hanome azy vato fotsy iray, ary eo amin'ny vato dia misy anaram-baovao voasoratra, izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay* mandray *azy ihany*.

Izany no mpandresy, avy ao amin'ilay taonan'ny fiangonana.

153 Ankehitriny, ny manaraka dia ny Tyatira. Ndao jerentsika izay azon'ilay mpandresy tamin'izany andro izany. Ndao alaintsika ny andininy faha-26.

Ary izay mandresy, ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany, dia izy no homeko ny *fahefana amin'ny firenena:* (Marina izany.)

Ary . . .hanapaka azy amin'ny tehim-by izy; ka *tahaka ny* vilany iray *an'ny mpanefy no hahapotika azy ao* amin'ny *fanorotoroana: dia arak'izay efa noraisiko tamin'ny Raiko*.

Hitanareo, "Miaraka Aminy, ao amin'ny Seza fiandrianany." Kristy no tsy maintsy manapaka ny firenena, miaraka amin'ny tehim-by iray. Ary io ilay Fiangonana izay nandresy, "Mipetraka eo, miaraka Aminy, mba hanapotika ny firenena amin'ny tehim-by iray."

154 Ankehitriny ndao raisintsika ireo ao amin'ny fiangonana Sardisy. Ankehitriny ny andininy faha-5 an'ny toko faha-3.

Izay mandresy, dia hitafy lamba fotsy tahaka ireo koa; ary tsy hamono ny anarany eo amin'ny bokin'ny fiainana aho, fa hanaiky ny anarany eo anatrehan'ny Raiko, sy ireo anjely masina.

Izany no ho an'ilay mpandresy tao Sardisy.

155 Ankehitriny, ndao isika haka ny andininy faha-12. Ankehitriny, ity no ho an'ny fiangonan'i—i Filadelfia, ao amin'ny andininy faha-12.

Izay mandresy dia hataoko andry eo amin'ny tempolin'Andriamanitro, ary tsy hiala eo intsony izy: ary hosoratako eo aminy ny anarako, *anaran'Andriamanitro, sy ny anaran'ny tanànan'Andriamanitro, dia* ilay *Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'. . . Andriamanitra: ary hosoratako eo aminy ny anarako vaovao*.

156 Diniho hoe inona no nampanantenaina an'ilay mpandresy. Hitanareo?

Ankehitriny, ankehitriny Laodikia, io no taonan'ny fiangonana farany. Tsy maintsy hisy mpandresy vitsivitsy

ao. Diniho eto. Izy ireo, tsarovy, ny taonan'ny fiangonana tsirairay, ilay anankiray teo alohany dia mandova an'izay rehetra nomena an'ireo hafa. Diniho tsara eto. Ankehitriny, eto, izany dia taorian'ny nandraisany an'ireo fahefana rehetra ireo, ireo anaram-baovao ireo, sy ny sisa izay voasoratra, izay Nampanantenainy, sy hihinana ny mana miafina, ary ny manaraka rehetra. Diniho ity taonan'ny fiangonana farany ity, Apokalypsy 3:21.

> *Ho an'izay mandresy dia havelako hipetraka miaraka amiko eo amin'ny seza fiandrianako,* (amena), *dia tahaka ahy* mandresy *koa, ka ipetrahako miaraka amin'ny Raiko eo amin'ny seza fiandrianany.*
>
> *Izay* manan-*tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy* amin'ny *fiangonana.*

157 Misy valisoa iray ho an'ireo mpandresy. Mandrosoa hatrany, ry lisy. Raha ao aminareo ilay izy, mialà amin'ilay fotaka sy ny sisa rehetra, ary miezaha hahatratra an'ilay tampony. Eny, tompoko. "Mipetraka miaraka Amiko eo ambonin'ny Seza fiandrianako."

158 Fantatrareo, indray mandeha, ny renin'i Jakoba sy Jaona . . . Tsy manana fotoana hamakiana azy isika. Ny renin'i Jakoba sy Jaona dia tonga ka nangataka an'io toerana io. Fantatrareo ve izany? Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] "Tompo, avelao ny zanako hipetraka eo amin'ny ilany iray, ary ny zanako iray hipetraka eo amin'ny ilany hafa." Izany no fanirian'ny reny iray ho an'ny zanany.

Saingy diniho. Fa, "Io toerana io," hoy Jesosy hoe, "dia voafidy mialoha." Tsy mbola nisy io toerana io tamin'izany fotoana izany. Nahoana? Mariho. "Izany dia homena an'ireo izay nanamboarana azy." Inona? Ilay anankiray hipetraka eo amin'ny ankavanana, sy ilay hafa hanakaiky Azy, dia izay mpandresy anankiray. Hitanareo? Izany dia mbola. . .Hoy Izy hoe, "Izaho—Izaho tsy manome an'izany. Tsy afaka manome an'io Aho, fa izany dia homena aorian'ny fahatongavan'ilay fizahan-toetra." Amena. Hitanareo? "Tsy afaka manome an'io Aho. Fa aorian'ny fahatongavan'ilay fizahan-toetra, no hipetrahan'izy ireo eo amin'ny ankavanana sy eo amin'ny ankavia. Misy voa voafidy mialoha izay miandry an'izany any ankoatra any. Izany dia homena an'ireo izay nampanantenaina an'izany. Izany dia homena any, fa ny fitsapana dia mbola tsy tonga; fa, mbola tsy nandresy izy." Hitanareo?

159 Ilay olona izay tsy maintsy handray an'io toerana eo amin'ny ilany iray io, sy ilay anankiray hafa handray azy eo amin'ny ilany hafa, ho eo Akaikiny ao amin'ny Fanjakana, izany dia tsy mbola nomena, hitanareo, tsy mbola nandresy izy ireo. Tsy mbola nirotsaka ilay fitsapana. "Hirotsaka izany amin'ny ho avy."

"Raha miaritra ho an'i Kristy sy ny Teniny isika, dia hanjaka miaraka Aminy isika, satria Izy no Teny." Tsarovy, "Raha miaritra ho Azy sy ny Teniny isika, dia hiara-manjaka Aminy isika, ao amin'ny Teniny."

160 Mariho. Izy, ilay Ohatra ho antsika, dia nandresy, ary avy eo dia niakatra, taorian'ny Nandreseny ny fahafatesana, ny helo, ny aretina, ny fasana. Ny zavatra rehetra, dia nandresy Izy. "Avy eo dia niakatra Izy, ary nitondra babo, nanome fanomezana ho an'ny olona." Izany no Testamenta Taloha, miaraka amin'ireo masin'ny Testamenta Taloha izay nandresy. Niandry an'izany Olona izany izy ireo, ary maty izy ireo talohan'ny Nahatongavany teo. Saingy rehefa tonga io Olona io, "Dia tsy mba nisakana an'ireo izay nodimandry Izy." Amena. Tsy mety ho very izy ireo, na ahoana na ahoana. Na velona na maty, inona no fahasamihafana ataon'izany? "Tsy hisakana." Hitanareo? Niandry an'izany izy ireo.

161 Na dia i Joba aza fahiny, dia niandry an'izany izy. Hoy izy hoe, "Fantatro fa velona ny Mpanavotro, ary amin'ny andro farany dia hitsangana eto ambonin'ny tany Izy." Nisy lehilahy marina anankiray, lehilahy tanteraka anankiray. Nanao fanatitra izy. Nanao ny zavatra rehetra izay nolazain'Andriamanitra fa hatao izy. Nataony niaraka tamin'ny fanajana sy fankatoavana izany. Mpaminany iray izy. Ary avy eo dia tonga teo i Satana, mba haka fanahy azy. (Tena tahaka ny hahatongavany haka fanahy anareo mihitsy.) Inona no nataony? Nijoro tsara teo izy.

Nivoaka mihitsy aza ny vadiny, nanao hoe, "Nahoana no tsy ozoninao Andriamanitra dia ho faty amin'ny fahafatesana? Tahaka ny ory loatra ianao mipetraka eo."

162 Hoy izy hoe, "Miteny tahaka ny vehivavy adala anankiray ianao." Ankehitriny, tsy niteny mihitsy izy hoe adala izy, fa niteny tahaka ny anankiray. Hitanareo? Hoy izy, "Miteny tahaka ny vehivavy adala anankiray ianao." Hoy izy, "Ny Tompo no nanome, ary ny Tompo no naka; isaorana anie ny Anaran'ny Tompo." Nandresy izy.

163 Nandresy an'izay mety ho nolazain'ireo manodidina izy. Nandresy an'ireo mambran'ny fiangonana rehetra izy, Bildada sy izy rehetra, izay mety ho nolazainy. Nandresy an'ilay eveka izy sy izay mety ho nolazainy. Nandresy an'ilay kardinaly izy sy izay mety ho nolazainy. Nandresy ny anaram-piangonana izy, sy izay mety ho nolazain'izy ireo. Ary nijanona niaraka tamin'ilay fanamarinan'ny Teny izy. Amena. Kanefa, nahavery ny zavatra rehetra izay nananany izany, na dia ireo zanany aza. Nihaotra an'ireo vay tamin'ny silaka tavim-bilany izy, nipetraka teo ambonin'izany, ary dia nandresy izy. Ary rehefa tanteraka ilay ora lehiben'ny fakam-panahy tamin'ny farany, dia nihorona ireo rahona.

164 Nijery an'ireo zavatra marina rehetra izy. Hoy izy hoe, "Misy fanantenana ny hazo iray raha maty izy; velona indray izy. Ary ny voa izay milatsaka amin'ny tany, dia lo izy; velona indray izy. Fa lavo ny olona dia manolotra ny fanahy; lasa izy. Dia tonga ireo zanany, ireo zanakalahiny, hanome voninahitra sy hitomany azy; fa tsy handre an'izany izy. Tsy hitsangana intsony izy. Oh, eo izy. Fa misy inona? Izaho dia voa iray, ihany koa. Izaho dia zavatra anankiray, dia voa iray izany, ary handeha ho ao amin'ny tany aho. Tsy afaka hitsangana intsony aho. Handry ao aho. Oh, afeno ao am-pasana aho, tehirizo ao amin'ilay toerana miafina aho mandra-pialan'ny Fahatezeranao. Manendre andro iray ho ahy ka tsarao aho. Tahaka ny nahatorotoro ny vatolampy, notorotoroin'ny rano ilay vato." Oh, nanohy izy, nilaza an'ireo zavatra rehetra ireo. Afaka nahita an'ireo ohatra rehetra teo ireo izy, hoe inona ilay izy. Oh, tsy afaka nahita an'ilay izy mihitsy izy.

165 Ary, Ranabavy Rodgers, tsaroanao ve rehefa nitory an'izany aho tamin'ny fandevenana an'i Busty. Hitanareo?

166 Ahoana, fa, "Notorotoroiny ilay vato," ahoana ireo zavatra ireo. "Oh, O Ianao, afeno ao am-pasana aho, ary tehirizo ao amin'ny toerana miafina aho." Nanohy nandroso izy. Hoy izy hoe, "Maniry aho ny hahafantatra. Maniry aho ny hahafantatra hoe aiza no halehako, ho an'ny Olona iray izay afaka hametraka ny Tànany amiko, lehilahy mpanota iray, sy Andriamanitra masina iray, ka hiresaka Aminy ny amiko." Oh, oadray! "Any Izy. Fantatro fa Any Izy. Misy Olona iray Any izay afaka manao an'izany. Misy Olona iray any ho any. Aiza no mety hahitako an'io Olona io? Aiza no mety hahitako? Handondona eo amin'ny Varavarany aho ka hiresaka Aminy. Raha mba misy Olona iray fotsiny afaka mametraka ny Tànany amiko, sy amin'Andriamanitra, ka—ka hanao tetezana ho ahy, hiresaka! Raha hitako fotsiny mantsy izany Olona izany! Oh, aiza Izy io?"

167 Nikaroka tao amin'ny fiangonany izy. Nikaroka tao amin'ny rafi-pandaminany izy. Tsy nahita an'izany Olona izany izy.

168 Ary tampotampoka teo, dia nihorona ireo rahona, ary nahita an'ilay Olona tonga izy. Oh! Nidobodoboky ny hafaliana ilay fony antitra. Nisy zavatra nitranga tamin'izay fotoana izay. "Fantatro fa velona ny Mpanavotro. Misy izany Olona izany." Amena. Mbola misy izany Olona izany. "Fantatro fa velona ny Mpanavotro. Ka na dia, aorian'ny handravan'ireo kankana an'ity vatana ity aza, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin'ny nofoko aho, Ilay ho hitan'ny tenako. Hitsangana eto an-tany Izy amin'ny andro farany."

169 Tamin'ilay marainan'ny Paska, rehefa nitsangana Izy tany, ka ilay vatan'i Joba izay tsy mihoatra ny lavenona eran'ny sotro, dia niandry izy. Izy ilay Vondrona voafidy. Nitsangana

avy tao am-pasana Izy ary niditra tao an-tanàna, niaraka tamin'i Abrahama, Isaka, Jakoba, Joba. Oh, oadray! Amena. Satria, niandry an'io Olona io izy ireo.

170 "Ary ho an'ireo Izay miandry fanindroany an'i Kristy," izay mandresy an'ireo zavatr'izao tontolo izao, noho ny Fahasoavany, mba hiditra ao Aminy, sy nanakimpy ny masonareo tamin'ny zavatra hafa rehetra afa-tsy Taminy sy ny Teniny, "Hiseho fanindroany ao amin'ny Voninahitra Izy."

"Fa rehefa hotsofina ny trompetran'Andriamanitra, dia hitsangana ireo maty ao amin'i Kristy; ireo izay velona ka mitoetra dia hovàna, ao anatin'ny fotoana fohy, ao anatin'ny indray mipi-maso, hakarina miaraka, mba hihaona Aminy eny amin'ny habakabaka."

171 Raha lavenona eran'ny sotro aho, na raha velona aho rehefa tonga Izy, dia tsy misy fahasamihafana amiko izany. Amena. Tsy mampaninona, satria azoko ilay fahitana. Nihorona ilay efitra lamba, dia hitako Izy. Ilay Anankiray izay nitsangana, ka nametraka ny Tànany tamiko, lehilahy mpanota iray, sy teo amin'Andriamanitra masina iray. Ary Izy no fanati-panavotako. Izy no Teny izay nijoroako. "Tamin'ny voalohany ny Teny." Izy izany Teny izany, ary Izy no hisolo tena ahy, Any. Amena. Ary hikiakiaka an'izany aho, raha mbola manana fofon'aina foana, "Izy no Fananganana ahy sy Fiainako." Ary ny tany sisa rehetra dia fasika miletsy. Ny tany sisa rehetra dia fasika miletsy.

172 Tahaka ny Nakany an'ireo izay niandry an'izany, dia ho toy izany koa no Hihaviany ho an'ny masin'ny Testamenta Vaovao tsirairay izay nandresy ny tsikera rehetra an'ny anaram-piangonana, izay nandresy ny fahotan'ny olona rehetra an'izao andro izao, an'izao taona izay iainantsika ankehitriny izao, tahaka ny Nataony tao amin'ny taonan'ny fiangonana rehetra, dia ireo izay nandresy tao amin'ity taonan'ny fiangonana ity. Ireo izay nandresy ny inona? "'Manan-karena aho. Tsy mila na inona na inona aho. Izaho manana . . . Oh, izaho no *ity* rehetra ity sy *ity* rehetra ity. Ary izaho no Ampakarina. Izaho no *ity*. Tsy mila na inona na inona aho.' Nefa tsy fantatrao fa ianao dia mitanjaka, jamba."

173 Hitanareo ve ilay taonan'ny famitahana izay nolazaiko? Tsy tahaka an'ireo izay notapahan-doha izany, fahiny, mba hahazo an'ilay vato fotsy; tsy ireo izay maty maritiora, sy nodorana tamin'ny kitay, sy ny sisa tahaka an'izany; izay nahazo an'ilay satroboninahitra. Fa ity taonan'ny famitahana ankehitriny ity izany, izay mihevitra fa izy ireo no zava-drehetra. "Eny, mambran'ny fiangonana aho. Lehilahy tsara aho. Vehivavy tsara aho. Manao an'*ity* aho. Tsy mila manao an'*Ity* aho."

174 "Fa izay mandresy," izay mandresy ny zavatr'izao tontolo rehetra izao an'ity taona ity, dia inona no hataon'izy ireo?

Izy rehetra dia hipetraka hiaraka Aminy eo amin'ny Seza fiandrianany; handeha ho ao amin'ny Fampakarana rehefa tonga Izy. Oh, oadray! Inona no mampanahy ahy, àry? Inona no hampanahy antsika amin'izay lazain'izao tontolo izao? Inona no hampanahy antsika amin'izay lazain'ny olon-kafa? Eo anivontsika ilay Fanahy Masina lehibe. Ilay Andry Afony no mitarika antsika sy mitari-dàlana antsika. Nohamarinina teo anoloantsika ny Teniny. Ao am-pontsika ny Fitiavany. Tavela any aoriana izao tontolo izao. Efa nafindra avy tao amin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana isika. Izao tontolo izao dia mihevitra fa adala ianareo.

Fa tsy maintsy Jesosy irery ve no hitondra ny
hazo fijaliana,
Ka izao tontolo rehetra izao handeha
malalaka?
Misy hazo fijaliana iray ho an'ny tsirairay
avy,
Ary misy hazo fijaliana iray ho ahy.

175 Telo amby telopolo taona teo amin'ny saha, fa io hazo fijaliana nohamasinina izay ho entiko mandra-pahafaty io no hanafaka ahy.

176 Avelao hiala amiko ireo rahalahiko, hiteny izay tian'izy ireo tenenina, izay hiala amiko. Fa eo amin'*ity* Teny ity no ijoroako, ary Ity irery ihany.

Hitondra an'io hazo fijaliana nohamasinina
io aho
Mandra-pahatongan'ny fahafatesana
hanafaka ahy,
Ary avy eo dia hody any an-Trano, ao
amin'ilay Fampakarana, mba hitondra
satroboninahitra iray.

177 Izany no ilaintsika rehetra. Sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany no ilaintsika. Izany no—izany no fanantenana sy fiarovantsika. Tsy manana fisainana hafa isika, afa-tsy ilay anankiray eo amin'i Jesosy Kristy. Ary eo amin'ny Fahamarinany no ijoroantsika, irery ihany, sy ny Fahamarinany ao amin'ny Teniny. "Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika." Ary ny Teny dia mbola manamarina ny Tenany.

178 Ahoana no handresena? Amin'ny alàlan'ny fandraisana ny Teny, ilay teny fikasana, ao amin'ny fanetre-tena, mandeha am-panetre-tena.

Hitondra an'io hazo fijaliana nohamasinina
io aho
Mandra-pahatongan'ny fahafatesana
hanafaka ahy,
Avy eo dia hody any an-Trano, mba hitondra
satroboninahitra iray.

179 Fa, "Rehefa hitsoka ilay Trompetra!" Azonareo alevina ao anatin'ny ranomasina aho, fa ilay Trompetra no hamoha ahy. Marina. Handeha hody any an-Trano aho, indray andro any. Amena. Mandra-pahatongan'izany, dia hiady aho, amena, mitondra an'io hazo fijaliana io; hihazona ny masoko tsy eo amin'ny olona, fa any Kalvary any, satria Izy no ohatra ho ahy. Izy no naneho hoe ahoana no hanaovana an'ilay izy. Ary ny Ohatrany, dia hanaraka an'izany am-pifaliana isika, isan'andro.

Hanaraka an'i Jesosy isaky ny dingan-dàlana aho.
Hanaraka an'i Jesosy isaky ny dingan-dàlana aho.

180 Tsy mba tianareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, toy ny ahoana no hisainako, manaraka Azy, isan'andro, isaky ny dingan-dàlana.

Ndao isika hivavaka.

181 Tompo Jesosy, adiny iray sy dimy ambin'ny folo minitra ankehitriny, no nitsanganako teto, niezaka naka ny Teninao ka nanazava tamin'ny olona hoe ahoana no handresena. Ianao no niteny taminay hoe ahoana no nahavita an'ilay izy. Tsy niteny taminay fotsiny ihany Ianao, fa Nasehonao hoe ahoana no nahavita an'ilay izy. Nitarika anay Ianao. Naneho anay ianao hoe ahoana no fanaovana an'ilay izy: mandray ny Teny ao anatinay, ary manana antoka ny hihazona amin'izany Teny izany, "Voasoratra hoe," amin'ny fakam-panahy rehetra; fa aoka kosa hanetry tena, mandehàna am-panetre-tena. Dia nandresy izahay, tamin'ny Alàlanao, tamin'ny alàlan'ny Herinao izay efa nandresy ny fahavalonay. Ary ny zavatra tokana tokony hataonay dia—dia mandeha manetry tena fotsiny miaraka amin'ny finoana, mino an'Izany, sy ny mari-pamantaranay an'ny fanondroan'ilay Fanahy Masina, dia tsy maintsy miala i Satana.

182 Misy mosara mipetraka eto. Misolo tena ny olona marary izy ireo. Manan-javatra ilaina izy ireo, Tompo. Ary namaky tao amin'ity Teny tsy mety miova ity izy ireo izay nakany an'ireo mosara sy aron'akanjo avy teo amin'ny vatan'i Masindahy Paoly. Napetrak'izy ireo teo amin'ny olona marary. Nivoaka avy tao amin'izy ireo ny fanahy ratsy, ary nisy fahagagana lehibe vita. Ankehitriny, Ianao no Tompo Jesosy tsy miova anio.

183 Nitory an'ity Teny ity i Paoly, ary nanoratra an'ity Teny ity, ilay Teny tsy miova izay ezahanay harahina. Satria, naka ny Testamenta Taloha izy ary nanao an'izany ho modely, ka naneho fa tandindona iray izany, ka ny rehetra avy ao amin'ny Testamenta Taloha dia tandindona iray tanteraka an'ilay Vaovao. O Tompo, enga anie izahay hanaraka an'ilay ohatra.

184 Nahita ny Tomponay izahay, izay Nataony. Ary fantatray fa, ireo masin'ny Testamenta Taloha, izao maraina izao, dia

hitanay fa lasa izy ireo. Rehefa nitsangana Jesosy, dia nandeha niaraka Taminy izy ireo. Ary, Tompo, mino izahay fa handeha rehefa mitsoka an'ilay Trompetra Izy. Mino an'izany izahay, fa handeha ilay Ampakarina amin'izany Andro izany ary hikambana amin'ilay—ilay vondrona Hebreo avy amin'Izany, ary, miaraka, dia hisy Sakafon'ny Mpanambady iray ao amin'ny Voninahitra. Miandry izy ireo.

Mivavaka izahay ankehitriny mba ny Famindramponao sy ny fahasoavanao no ho eo aminay. Mpandresy, Tompo, mpandresy, maniry mafy izahay. Ampandreseo izahay. Tompo Jesosy, nandresy an'izao tontolo izao Ianao. Ankehitriny mivavaka aho mba Hamelanao ny olona tsirairay eto, izao maraina izao, "Hanaisotra ny ota rehetra, hanaisotra ny mitambesatra rehetra izay malaky mahazo anay, mba hahafahanay mihazakazaka amin'ny faharetana an'ilay hazakazaka izay napetraka eo anoloanay."

185 Paoly no niteny an'izao, Rainay An-danitra, ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, hoe, "Tokony hanaisotra ny mitambesatra rehetra izahay," ilay toko faha-12, izay nitenenany an'izany, rehefa avy naneho tamin'ny alàlan'ny ohatra izy, tany: ireo izay nandroso; ireo izay tsy nandroso; ireo izay nanaraka tamim-pangatsiahana; ireo izay nanaraka tany aloha; ireo izay niraikiraiky tany aoriana. Oh! Naneho an'ireo ohatra izy. Avy eo dia nitodika ka nanao hoe, "Aoka isika hanaisotra ny mitambesatra rehetra, ny zavatra kely indrindra izay mety mahazo antsika, mba hahafahantsika mihazakazaka amin'ny faharetana an'ilay hazakazaka izay napetraka eo anoloantsika; mijery Azy, ilay mpanao sy mpanefa ny Finoantsika, Izay nanome antsika ny ohatra." Manao an'izany izahay izao maraina izao, Ray.

186 Ankehitriny, miaraka amin'ny lohantsika miondrika, ankehitriny dia diniho tena akaiky, tena, tena akaiky. Ary, avy eo, dia aoka ho tso-po lalina tokoa. Izany fotsiny—izany fotsiny no ilaina . . . Izay ihany no ilain'izany: ny fandinihanareo sy ny fahatsoram-ponareo. Tena mitandrema tsara raha mandinika ianareo ankehitriny. "Diniho aho, Tompo. Zahao toetra aho. Misy ratsy ve ato amiko? Raha misy izany, Tompo, dia aoka hapetrako izany, eto izao ankehitriny izao. Ity toerana ity, izay iondrehako, no Alitaranao. Apetrako izany, eto izao ankehitriny izao, apetrako eo ambonin'izany ny tongotro. Rehefa handeha aho, dia hijanona eo izany. Ny herin'ny Ràhao no handevona an'izany. Te-ho mpandresy anankiray aho. Manana zavatra anankiray izay manelingelina ahy aho, Tompo. Te-handresy aho, izao maraina izao. Vitako izany, amin'ny Alàlanao. Nolazaina tamiko izany, amin'ny alàlan'ny Teninao. Apetrako izany ankehitriny, Tompo, ary apetrako eo ambonin'izany ny tongotro. Raha hivoaka an'ity tranobe ity aho izao maraina izao, dia handeha, mahafantatra fa izany dia efa natao tao

anatin'ilay—ilay barika famotsian'Andriamanitra. Tsy ho tsarovana intsony izany. Hiaiky an'izany aho ankehitriny ary hangataka famindram-po."

187 Miaraka amin'ny lohantsika miondrika, ny masontsika mikimpy; ny fontsika mieritreritra, izany no varavarana ho an'ny fanahy ankehitriny. Misy zavatra izay tianareo esorina ve izao maraina izao, zavatra izay tianareo ho resena? Ary efa nanezaka an'izany mafy tokoa ianareo, saingy, izao maraina izao, dia hijanona tsy hiezaka fotsiny ianareo. Hanaiky fotsiny an'izay Nataony ianareo. Tiako ianareo hanangana ny tànanareo, hanao hoe, "Tompo, te-handresy aho. Misy zavatra izay manelingelina ahy."

188 Tompo Jesosy, Hitanao ireo tànana ireo. Ankehitriny, amin'ny maha-Mpanomponao, mijoro eo anelanelan'ny velona sy ny maty, dia manameloka ny zavatra rehetra izay manelingelina an'ireto olona ireto sy ny tenako aho. Ary mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy aho, mba hahafahanay mamela an'izany eto amin'ny alitaran'Andriamanitra, ka mandeha izao maraina izao, afaka, toy ny mpandresy.

189 Raha tsy nanana an'ilay fahasoavana ireo anabavinay taloha, dia enga anie ho ekena izany ankehitriny, Tompo. Raha tsy nanana an'ilay fahasoavana ireo rahalahinay, enga anie ho ekena izany ankehitriny. Ary enga anie, ao amin'ny fanetre-tena, ireo reny miaraka amin'ny ankizy, raha tokony hiavonavona. Fantany fa izy dia mipetraka . . . Izy no mpitory teny ho an'ireo zanany madinika. Ny fiainany dia ohatra anankiray. Dada no ohatra ho an'ny reny, satria izy no lohan'ny ankohonana. Raha efa nanandrana nibaiko azy ilay reny; tsy hanao an'izany intsony mihitsy anie izy. Raha efa nanao azy ho famafan-tongotra izy, tsy ho izany intsony mihitsy anie izy. Mpanampy anankiray izy. Ekeo izany, Tompo. Enga anie ireo zavatra rehetra izay misakana anay ireo, Tompo, hiala.

190 Izahay—izahay dia manamasina ny tenanay, Ray, ho an'ny androm-piainana izay eo anoloanay, mahafantatra an'izany, fa tsy maintsy ho tonga eo amin'ny faran'izany izahay, ary izao ankehitriny izao izany. Noho izany, izao maraina izao, dia raisinay izao fanararaotra izao, taorian'izany Hafatra izany. Raisinay ilay fanararaotra, Tompo, mba hahatongavana, satria nasaina ho tonga izahay. "Apetraho Aminy ny fanahianareo, fa Izy no miahy anareo." Fantatro fa miahy Ianao, Tompo. Niahy tokoa Ianao mba ho faty ho anay. Ary afaka miahy tokoa izahay mba ho avy ka hanaiky an'izay antony nahafaty Anao.

191 Manamasina anay, Tompo. Fenoy ny Fanahy Masina indray izahay. Enga anie ny Fanahy Masina hanjaka mihitsy ao am-ponay, ambony indrindra, mba hahafahanay

mandeha, manadino an'ireo zavatra izay an'ny lasa, ilay loto sy fotaka mandrevo izay niainanay fahiny. Hiezaka izahay hahatratra an'ilay mariky ny fiantsoana avy any ambony, izay hahafahan'ny Fahazavanay tena hamiratra ao amin'ny hamamiana sy fanetre-tena, hany ka ny mpandalo rehetra dia afaka manao hoe, "Misy Kristiana iray mipetraka etsy amin'itsy havoana itsy. Izany olona izany, izany vehivavy izany, izany lehilahy izany, dia tena voninkazo iray nohamasinin'Andriamanitra. Tena malemy fanahy sy mora fanahy izy ireo, tia sy malemy fanahy foana, ary mahazo." Ekeo izany, Ray. Enga anie izahay ho mamy sira, mba hahatonga ny tany hangetaheta; ekeo izany, Ray; ka handresy ny zavatra rehetra an'ity izao tontolo izao ity, sy ny fiahian'ity fiainana ity. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Izaho dia afaka . . .

Ankehitriny dia ndao fotsiny isika hanangana ny tànantsika.

. . . Mpamonjiko . . .

Miantso hoe ahoana? "Mivoaha, avy ao amin'ilay fotaka." Fiainana ambony kokoa; misy Zavatra ao anatinareo, misintona anareo amin'io làlana io. Inona izany? Izy izany. Tao ambanin'ny fotaka tao, ireo voninkazo kely; manana Aina ianareo ao, manery anareo. Izany ilay miantso anareo hoe, "Mivoaha, avy ao amin'ilay fotaka."

Manaraha, manaraha . . .

192 Ankehitriny, tena mila an'izany ve ianareo? Ankehitriny dia akimpio ny masonareo.

Izay Itarihany Ahy dia han- . . .

Ankehitriny atolory ny tenanareo. Ataovy izany, ankehitriny.

Izay Itarihany ahy dia hanaraka aho,
Izay Itarihany ahy dia hanaraka aho,
Handeha hiaraka Aminy aho, hiaraka Aminy,
hatramin'ny farany.

Izay Itarihany ahy . . .

Moramora fotsiny ankehitriny. Tsarovy, apetraho eo ny tenanareo.

Itarihany . . .

"Hapetrako eto izany, Tompo. Handeha hanaraka Anao aho, manomboka izao. Manaiky an'Izany aho. Mino an'Izany aho."

Izay Itarihany . . .

Tsarovy, ny fiainanareo no hanambara be lavitra noho ny vavanareo. Izay iainanareo no hanaporofo amin'ny olona mihoatra lavitra noho izay lazainareo.

Handeha hiaraka Aminy, hiaraka Aminy,
(lavitra, aiza?) hatramin'ny farany.

[Manomboka misamonomonona ny *Izay Itarihany Ahy* Rahalahy Branham—Mpand.]

193 Manamasina fotsiny ny tenanareo, lalina, am-pahatsorampo, amin'ny fonareo rehetra. Ahoana moa raha ity no fotoana farany hamelana anareo hivavaka? Mety ho izany. Antenaiko fa tsy ho izany. Mety ho izany. Noho izany, dia aoka hahazo antoka ankehitriny, tena hahazo antoka, tena hahazo antoka. Tsarovy, hikatona ilay varavarana, indray andro any, dia hifarana ny zavatra rehetra amin'izay fotoana izay. "Mangataha, dia hahazo ianareo."

[Manomboka misamonomonona ny *Izay Itarihany Ahy* Rahalahy Branham—Mpand.]

194 Hevero fotsiny ilay voninahitra rehetra izay Natolony ho anareo, ny zavatra rehetra izay Nataony. "Mino aho, Tompo. Mino aho. Mino aho fa Ianao no mpandresiko. Handeha hiaraka Aminao fotsiny aho, Tompo. Te-hijanona eo Akaikinao aho, ka any amin'izay misy Anao, dia any koa no tiako hisy ahy."

195 Ary tsarovy, Ianao no niteny taminay, Ray, hoe, "Hiaraka amin'ny Tompo mandrakizay izahay, rehefa hakarina izahay." Isika dia nahazo fotsiny ny—ny topi-maso anankiray ny Aminy ankehitriny, raha mandeha miaraka amintsika Izy ankehitriny. Fa amin'izay fotoana izay isika dia . . . Zavatra lehibe toy ny inona izany, ny mahafantatra fotsiny fa Izy dia eo—eo afovoantsika! Hanao ahoana izany rehefa hiaraka Aminy mandrakizay isika? Tiantsika loatra ireo fanaontsika: afaka mivoaka mitaingin-tsoavaly isika; afaka mandeha miantsena isika; afaka mandeha mihaza isika, manjono, na izay rehetra mety hataontsika amin'ny fahafinaretana. Saingy, oh, rehefa misokatra ny fiangonana, hitanareo, dia tiantsika ny hihaona amin'ny Tompontsika. Izany no lehibe indrindra amin'ny zavatra rehetra. Noho izany, eritrereto, Izy no nampanantena antsika. "Ary hiaraka amin'ny Tompo mandrakizay. Hipetraka miaraka Aminy eo amin'ny Seza fiandrianany, sy hiaraka Aminy mandrakizay." O Andriamanitra, izahay am-panetretena, miaraka—miaraka amin'ny loha miondrika, izahay dia manaiky an'izany, Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

196 Tsapanareo ve fa afaka mamela mihitsy ianareo, ankehitriny, ny zavatra rehetra, ny enta-mavesatra rehetra? Afaka mandeha fotsiny ve ianareo, eo ambonin'izany ankehitriny? Raha afaka ianareo, dia atsangano ny tànanareo, manaova hoe, "Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia apetrako izany fanandramana izany. Tsy hiady amin'izany aho, intsony mihitsy. Handeha handray fotsiny ny fihazonan'ny Tànany aho, dia hanomboka handeha."

"Efa niady aho, Rahalahy Branham. Nanandrana ny hiala amin'ny fifohana aho. Izaho—izaho efa nanandrana namela ny

voloko haniry. Izaho efa nanandrana ny nanao an'*ity*. Izaho nanao . . . Efa nanandrana aho, tena mafy, Rahalahy Branham. Tsy vitako mihitsy ilay izy."

Aza manandrana an'ilay izy, intsony mihitsy. Raiso fotsiny ny fihazonan'ny Tànany, manaova hoe, "Ray, Ianao no mametraka ny tànako ao amin'ilay tànan'akanjo." Hitanareo? "Hanolotra fotsiny ny tànako Aminao aho. Handeha aho, Tompo, hijery Anao." Hitranga izany. Izany no hampitafy anareo tahaka ny tena Kristiana iray. Ho tena Kristiana iray ianareo.

197 Mandra-pahitako anareo indray, rahariva, dia ho tia anareo anie Andriamanitra ka homba anareo. Ianareo no zanako amin'ny Filazantsara. Ianareo ilay voavidy.

Ankehitriny dia averiko aminareo ny pasiteranareo, ho an'ny fampiravana, Rahalahy Orman Neville.

Ahoana No Ahafahako Mandresy? MAG63-0825M
(How Can I Overcome?)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tany am-boalohany tamin'ny teny Anglisy ny Alahady maraina, 25 Aogositra, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2014 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org